



REPUBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitoviana • Tanindrazana • Fandrosoana



ASSEMBLEE NATIONALE  
ANTENIMIERAMPIRENENA

REPUBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROAO

FOTOAM-PIVORIANA TSY ARA-POTOANA VOALOHANY  
TAONA 2024

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-288EX

FANOLORANA NY FANDAHARAN'ASA FANATANTERAHANA NY POLITIKA ANKAPOBEN'NY  
FANJAKANA, NATAON'Andriamatoa NTSAY Christian, PRAIMINISITRA LEHIBEN'NY  
GOVERNEMANTA

Fivoriana faha-3  
Natao ny  
Alakamisy 1 Febroary 2024  
- Maraina -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina

**MPITANTSORATRA:** - Andriamatoa HENRI Jean Michel  
- Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

**FOTOANA:** Alakamisy 1 Febroary 2024, tamin'ny 10 ora sy 35 minitra, maraina.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fanolorana ny fandaharan'asa fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana, nataon'Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra Lehiben'ny Governemanta.

Nitohy ny Alakamisy 1 Febroary 2024, tamin'ny 10 ora sy 35 minitra, maraina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RAHOLDINA NAIVO Herinantsoina, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena misahana ny Faritanin'Antananarivo no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia nanamarika fa araka ny taratasy voaray avy tany amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana na ny HCC dia ho tapitra amin'ny faha-2 Jolay 2024 ny fe-potoam-piasan'ny Solombavambahoaka.

Taorian'izay, niangavy ny tomponandraikitra ato amin'ny Antenimierampirenena ny tenany hanome ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra ny anaran'ny Solombavambahoaka tonga mivory mandritra izao fivoriana tsy ara-potoanan'ny Antenimierampirenena izao. Tahaka izay ihany koa, ny anaran'ireo Solombavambahoaka tsy nivory satria misy tambin-karama homena amin'izao fivoriana tsy ara-potoana izao. Volam-bahoaka no ampiasaina amin'izany, ka tsy tokony hahazo tambin-karama izay Solombavambahoaka tsy mivory afa-tsy ireo nametraka fialan-tsiny, toy ny marary, ny namita iraka amin'ny anaran'ny Antenimierampirenena ary ireo niaran'ny fahoriana. Mba te-hanao zavatra hafa ivelan'ny asa ihany koa izahay, kanefa noho ny fanarahana ny voalazan'ny Lalàmpanorenana dia najanona izany, ka izay no antony anaovana izao fivoriana izao.

iangaviana ny tomponandraikitra mba hanome izay voalaza teo izay aorian'izao fivoriana tsy ara-potoana izao.

Taorian'izay, niangavy ny Mpitantsoratra, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny fanatontosana izany, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony.

Taorian'izay, mbola niangavy ny Mpitantsoratra indray ny tenany hamaky ny andininy faha-99 ao amin'ny Lalàmpanorenana izay manambara ny antom-pisian'izao fivoriana izao.

Nanatanteraka izany hatrany, Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina, ka toy izao no fivakiny.

Andininy faha-99 ao amin'ny Lalàmpanorenana:

Ao anatin'ny telopolo andro nanendrena azy no anoloran'ny Praiminisitra ny fandaharan'asany momba ny fampiharana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana amin'ny Antenimiera izay afaka manome tolo-kevitra.

Raha tsapan'ny Governemanta eo am-panatanterahana ny asa fa misy fanovàna fototra tokony hatao amin'io fandaharan'asa io dia entin'ny Praiminisitra eny amin'ny Antenimierampirenena izay afaka manome tolo-kevitra izany fanovàna izany.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra, tamin'ny famakiana ny andininy faha-99 ao amin'ny Lalàmpanorenana, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia nitondra fanamarihana toy izao manaraka izao:

Saika nomen'ny Mpanatanteraka avokoa ny zavatra nilain'ny Antenimierampirenena, koa eo anatrehan'izay, isaorana manokana Andriamatoa Praiminisitra sy Ramatoa Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Manarak'izay, mikasika ny "crédit téléphonique", nisy vola nihodina mitentina "154 millions d'Ariary" tsy hita, ka efa eo ampandraisana andraikitra amin'ny antony nahatonga izany ny Birao Maharitra. Miala tsiny amintsika Solombavambahoaka izay tsy nandray izany nandritry ny telo volana satria ny tenako miteny koa dia anisan'izany.

Marihana fa efa manao fanadihadiana momba izany ny Birao Maharitra araka ny voalaza teo aloha mba hahafantarana ny marina.

Namaly ny fanontaniana napetraky ny mpanao gazety momba ny fanaovan'ny IRD sonia taratasy tsy misy votoatiny koa ny tenany. Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa mpikambana ao amin'ny GIRD izy sady birao politikan'ny MAPAR, izay ao anatin'ny maroanisa. Nanao fifidianana miafina ny maroanisa amin'ny hanendrena an'Andriamatoa NTSAY Christian ho lehiben'ny Governemanta. Izy no nahazo vato be indrindra, ka izao izy lasa Praiminisitra izao indray.

Nomarihany ihany koa fa ny Praiminisitra NTSAY Christian dia tsy mbola namadika ny Filoha Andry RAJOELINA hatramin'izay ka hatramin'izao.

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, an'Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta, ny fitenenana mba hahafahany manolotra ny fandaharan'asa fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana na ny "Politique Générale de l'Etat" na ny PGE.

Toy izao no lahateny fanolorana izany izay nataon' Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta:

Andriamatoa Filoha;  
 Ramatoa sy Andriamatoa isany Mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra;  
 Ramatoa sy Andriamatoa isany Minisitra, mpikambana ao amin'ny Governemanta;  
 Ramatoa sy Andriamatoa isany Solombavambahoakan'i Madagasikara;  
 Isika rehetra manatrika etoana;  
 Tompokolahy sy Tompokovavy;

Mandray fitenenana eto anatrehanareo aho androany amin'ny maha Praiministra, Lehiben'ny Governemanta ahy hanolotra ny fandaharan'Asa ho Fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana izay nankatoavina teo anivon'ny Filankevitry ny Minisitra tamin'ny 17 Janoary 2024 lasa teo mba ho fanajana ny andininy faha-99 ao amin'ny Lalàmpanorenana izay milaza hoe: "Ao anatin'ny telopolo andro nanendrena azy no anoloran'ny Praiministra ny fandaharan'asany, momba ny fampiharana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana amin'ny Antenimiera izay afaka manome tolo-kevitra".

Mialohan'izany, tiako ny miarahaba ny vahoaka Malagasy rehetra manerana ny Nosy nahatratra ny taona vaovao 2024 ary mirary soa ny isan-tokantrano tsirairay. Manantitra ihany koa ny fiarahabana sy fisaorana ny Malagasy tsy an-kanavaka nahavita ny fifidianana Filohampirenena tao anaty fahendrena tanteraka, ka namerina indray ny fitokisana tamin'Andriamatoa Andry RAJOELINA, Filohan'ny Repoblika, hitantana ny firenena mandritra ny dimy taona manaraka.

Fisaorana ihany koa no atolotro ny Filohan'ny Repoblika sy ireo Solombavambahoaka maroanisa tamin'ny fitokisana natolotr'izy ireo ahy, ka nanendrena ahy indray ho Praiministra, Lehiben'ny Governemanta.

Andriamatoa Filoha,  
 Tompokolahy sy Tompokovavy,

Arak'izay efa voalaza teo aloha, ny faha-16 Novambra 2023 dia naneho ny safidiny hanohy ny fametrahany fitokisanan tamin'ny vinam-pampandrosoana nentin'ny Filohan'ny Repoblika, Andriamatoa Andry RAJOELINA, nanomboka ny taona 2019 ny vahoaka Malagasy, ka ireo Velirano 13 no mbola fototra iorenan'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana, ka izao avadika ho Programan'Asan'ny Governemanta izao.

Amin'izao fe-potoam-piasana 2024-2028 izao dia ny fampihenana ny fahantrana, ny fanatsarana ny fahefa-mividin'ny vahoaka, ny famoronan'asa, ny fanatsarana ny fitantanana, ny fanamafisana ny ady amin'ny kolikoly mba hanatrarana ny fahataran'ny fandrosoana eto Madagasikara no laharam-pahamehana.

Noho izany, hiompana amina **andry telo** lehibe ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana nahatanteraka ireo tanjona ireo, ka hizara telo arak'izany ny famelabelarana etoana ao anatin'ireto lohahevitra ireto:

- Ny loharanon-karena mifototra amin'ny olona,
- Ny fampiroboroana ny indostria sy ny fanodinana ara-toekarena,
- Ny fahaiza-mitantana.

Andriamatoa Filoha,  
Tompokolahy sy Tompokovavy,

### 1. Ny loharanon-karena mifototra amin'ny olona (capital humain)

Ny fe-potoana 2019-2023 dia niompana tamin'ny fametrahana fotodrafitrasa manakaiky sy mamaly ny filàn'ny vahoaka, toy ny sekoly, ny hopitaly, ny tobim-pahasalamana fototra, ny làlana, ny tohadrano, ny oniversite, sns... Ny fanjakana manakaiky vahoaka no tanjona lehibe tamin'izany. Betsaka ny fotodrafitrasa natsangana manerana ny Nosy ary maro dia maro koa no mbola eo am-pamitana azy amin'izao fotoana izao. Kanefa amin'izao dimy taona manaraka izao dia mitana anjara toerana lehibe amin'ny ady amin'ny fahantrana sy ny fivoarana ara-toekarana ny fitondravana ny maha-olona, amin'ny lafiny maro: firaisankina sy fanampiana ara-tsosialy, fanabeazana, fanofanana arak'asa, rano fisotro, sns...

#### 1.1. Ny firaisankina ho an'ny ady amin'ny fahantrana

Ny tanjona dia ny hanitarana ny haraton'aina ara-tsosialy amin'ireo tokantrano tena sahirana, ao anatin'izany ireo vehivavy loham-piankaviana, ny zokiolona, ny manana fahasembanana, mba handraisan'izy ireo anjara feno amin'ny fiainana ara-tsosialy, ara-toekarena ary koa amin'ny fanapahan-kevetra momba ny raharaham-pirenena tandrify azy ireo.

Mahakasika ny fandaharan'asa **Haraton'aina** dia ho fanohizana sy ho fanitarana manerana ny Nosy ireo tetikasa nahitam-bokatra, toy ny Vatsin'ankohonana, ny Asa Avotra Mirindra, ny Asa Vonjy Voina na koa ireo Asa Fanorenana Fotodrafitrasa maharitra, mitondra amin'ny fahavitan-tena.

Ankohonana marefo manodidina 1 140 000 (efatra alina sy iray hetsy sy iray tapitrisa) no kendrena hisitraka ireo tetikasa ireo ny taona 2024 ary manomboka ny taona 2025 kosa, ny tanjona dia tokantrano miisa 4 (efatra) tapitrisa no hisitraka ny fandaharan'asa.

Mahakasika manokana ny **ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo ho an'ireo marefo** (zaza latsaky ny dimy taona, reny mampinono ary bevohoka), ny fiahiana mivantana azy ireo dia amin'ny alàlan'ny fanaraha-maso akaiky sy fanomezana ireo sakafo voavoatra ara-pahasalamana. Ao anatin'ny 100 (zato) andro, miisa 802 430 (telopolo sy efajato sy roa arivo sy valo hetsy) no fitambaran'ireo zaza tratry ny tsy fanjarian-tsakafo lalim-paka sy mahery vaika latsaky ny dimy taona ary vehivavy mampinono izay hisitraka ny tohana ara-tsakafo voakajy. Asa izay mitondra fiatraikany mivantana amin'ny fahazoan-kery sy fahasalamana ho an'ireo sokajy marefo voalaza etsy ambony izay nisitraka ny tohana ara-tsakafo.

Miisa 1 800 000 (valo hetsy sy iray tapitrisa) eo ho eo ireo zaza latsaky ny 5 taona sy reny mampinono hisitraka izany amin'ny fanomezana ireo sakafo ara-pahasalamana sy torohevitra ara-panjarian-tsakafo ho an'ny reny mpahazo amin'ity taona 2024 ity.

Ny 3 (telo) taona manaraka, ny ezaka hatao dia hifantoka bebe kokoa amin'ny fanaraha-maso akaiky sy fanomezana ireo sakafo voavoatra ara-pahasalamana ary fitsinjovana ny tokantrano sahirana amin'ny alàlan'ny fanomezana masomboly mifototra amin'ny fanjarian-

tsakafo na “Agriculture sensible à la Nutrition”. Zaza sy renny miisa 3 (telo) tapitrisa no hisitraka izany.

Izany no atao dia mba hanatsarana ny fivelarana ara-tsaina sy ara-batan'ireo zaza ho antoky ny fampandrosoana maharitra ny firenena.

Ny firaisankinam-pirenena dia haseho ihany koa amin'ny alàlan'ny programan'asa mifototra amin'ny olona, toy ny programan'asa **Ankohonana Miarina** izay mikendry ny hiahny sy hampandroso ny fototra maha olona, hanamafy ny fahavitrihana ara-toekarena ary hampiroborobo ny fahaleovantenan'ireo ankohonana, indrindra ireo tokantrano tena sahirana manerana ny Nosy. Hojerana manokana ny fanajariana ny toeram-ponenana ho an'ireo ankohonana ireo izay hisitraka avy hatrany ny rano fisotro madio sy ny jiro.

Ao anatin'ny 100 (zato) andro ho avy izao, ny tanjona dia ny hanofanana olona miisa 3 000 (telo arivo) avy amin'ny tokantrano marefo ary mizara ho andiany telo misesy izany. Noho izany, hisy fanajariana toerana miisa 4 (efatra) afaka handraisana olona miisa 2 500 (dimanjato sy roa arivo) amin'ireo olona miisa 3 000 voaofana.

Ireto avy ireo toerana efa voafaritra sahady mba hanombohana ny asa:

- Fieferamanga, Faritra Itasy, 20 Ha (Roapolo hekitara)
- Tsimahabeomby, Faritra Itasy, 395 Ha (dimy amby sivifolo sy telonjato hekitara)
- Mahitsy, Faritra Analamanga, 120 Ha (roaplo amby zato hekitara)
- Antsoatany, Faritra Vakianankaratra, 50 Ha (dimapolo hekitara).

Ny Programan'Asa Ankohonana Miarina dia hahasahana ny firenena manontolo ao anatin'ny dimy taona ho avy. Eo amin'ny lafin'ny fanofanana, 500 000 ankohonana (Dimy hetsy ankohonana) no hahazo fonofanana mandritra ny taona 2024. Hitatra hatramin'ny 1 000 000 ankohonana (Iray Tapitrisa ankohonana) izany mandritra ny dimy taona ho avy. Horaisina amin'ity fiofanana ity ny sokajin'ny mpamokatra rehetra, tsy ireo mpahazo tombotsoa amin'ny fametrahana ao anatin'ny rafitry ny Programan'Asa Ankohonana Miarina ihany, fa ireo vondrona mamokatra hafa koa.

Ny programan'asa “**Titre Vert**” dia hamafisina ao anatin'izao ezaka hametrahana ny laharam-pahamehana amin'ny maha olona izao, ka hanomezana tany ireo tanora mpandraharaha. Tanora miisa 9 400 (efajato sy sivy arivo) manerana ny Nosy no hisitraka izany mandritra ny 5 (dimy) taona. Raha ho an'ity taona 2024 ity fotsiny no lazaina dia miisa 1 400 (efajato sy arivo) ny tanora hisitraka izany.

Ho fitsinjovana koa ireo tantsaha marefo dia misy Programan'asa izay mikendry ny hanomezana **masomboly sy zezika** amin'ny vidiny tena mirary ho azy ireo. Ny tanjona amin'izany dia ny hanatsarana ny famokaran-tsakafon'izy ireo sy ny fidiram-bolany. Mpamokatra miisa 112 500 (Dimanjato sy roa arivo sy iray alina sy iray hetsy) no kendrena mandritra ny 100 andro voalohany. Ireo famatsiana hana-pamokarana ireo dia hotanterahina amin'ny alàlan'ireo rafitra efa misy eo anivon'ny Fanjakana sy ireo “Guichets agricoles” miisa 36 (enina amby telopolo) izay mbola hapetraka manerana ny Nosy.

Eo amin'ny fanatsarana ny **rafitra fiahiana ara-tsosialy** mba hahafahan'ny tena sahirana mahazo tombotsoa hialany amin'ny fahantrana sy hanampy amin'ny lafiny ara-pahasalamana, ka hahafahan'ny tokantrano sahirana mahazo tolotra ara-pahasalamana amin'ny vidiny mora. Ny fametrahana rafitra fiarovana ara-tsosialy vaovao dia hofaritana aorian'ny fanadihadiana izay kendrena ho vita amin'ity taona 2024 ity.

Hanatsara ny fehezan-dalàna momba ny fiahiana ara-tsosialy isika (Code de Prévoyance Sociale) amin'ity taona ity izay hisokatra bebe kokoa amin'ny sehatra tsy manara-drafitra sy ireo miasa tena, toy ny mpamboly, ny mpiompy, ny mpanjono, ny mpanao asa tàmàna, sns... Tanjona ny ahazoan'izy ireo misitraka tombotsoa azo avy amin'ny Tahirim-bolam-pirenena momba ny fiahiana ara-tsosialy ary ao anatin'izany ny fisotroan-dronono sy ny fitsaboana mirary.

## 1.2 Ny Fahasalamana manakaiky vahoaka

Ny tanjona amin'ny sehatry ny fahasalamana dia ny hanomezana fitsaboana ara-kalitao ho an'ny vahoaka Malagasy. Noho izany, ezahina ho matianina ny asa rehetra hotontosaina ao amin'ny sehatry ny fahasalamana.

Hapetraka ny Programan'asa lehibe mahakasika ny **fandrindram-piterahana** eto amintsika. Hanaovana ezaka manokana ny hahafahan'ny vehivavy Malagasy misitraka ny fomba fandrindram-piterahana maimaim-poana ary hampitomboana ireo ivon-toerana misahana izany sy ireo tobim-pahasalamana fototra naman'ny tanora (Centre de Santé Amis des Jeunes).

Ny tanjona ao anatin'ny 100 andro dia ny hampitomboana dimy ambiny folo isan-jato na 15%-n'ireo vehivavy mpampiasa maharitra fandrindrana ny fiainam-mpianakaviana, ka ireo mpampiasa vaovao no hanampy isa azy ireo amin'izany. Hitarina ny tobim-pahasalamana naman'ny tanora (Centre de Santé Amis des Jeunes CSJA) any amin'ny Kaominina. Miisa 486 (enina amby valopolo sy efajato) no hampandehanina ao anatin'ny zato andro ary miisa 1 554 (efatra amby dimampolo sy dimanjato sy arivo) hatramin'ny taona 2028.

Mahakasika ny hopitaly sy ny tobim-pahasalamana manara-penitra, anisan'ny hifantohana amin'ny taona 2024-2028 kosa ny fampitaovana ireny hopitaly sy tobim-pahasalamana fototra vaovao ireny. Tobim-pahasalamana fototra vaovao miisa 104 (efatra amby zato) no homena fampitaovana vaovao ao anatin'ny enim-bolana voalohany amin'ity taona ity.

Ankoatran'izany, hezahina hotratrarina ao anatin'ny zato andro ny fampandehanana ireo **tobim-pitsaboana nify** miisa 15 (dimy amby ny folo) amin'ireto tobim-pahasalamana fototra ireto: CSB II Ampangabe, CSB II Analavory, CSB II Ambohibary, CSB II Manaratsandry, CSB II Ampasikely Amparafaravola, CSB II Ankoalabe, CSB II Behenjy, CSB II Anjahambe Vavatenina, CSB II Ambohibao-Antehiroka, CSB II Ambohimangakely, CSB II Faliarivo-Ampitatafika, CSB II Ambohimandroso, CSB II Anjeva, CSB II Ankarobato, CSB II Bekobay.

Toeram-pitsaboana nify miisa 31 (iraika amby telopolo) no hosokafana aorian'ny 100 andro voalohany, koa vinavinaina ho 46 (enina amby efapolo) no totalin'ny toerana fitsaboana nify hisokatra.

Ankoatra izay, miisa 830 (telopolo sy valon-jato) ireo tobim-pahasalamana fototra efa misy no homena fampitaovana vaovao izay tobim-pahasalamana amin'ny toerana saro-dalana avokoa izy ireo, henjehina ao anaty ny iray taona ny fividianana sy ny fitsinjarana izany.

Mikasika ny hopitaly manokana, hopitalin'ny Distrika sy hopitalin'ny Faritra vaovao miisa 30 (telopolo), izay efa vita na eo an-dalam-pahavitana no homena fampitaovana vaovao. Hanomboka hiasa amin'ity taona 2024 ity izany ny CHRD any Midongy Atsimo, Betsioky Atsimo, Beroroha, Ambatomainty ary Morafenobe.

Miisa 97 (fito amby sivifolo) kosa ny hopitalin'ny Distrika, miisa 16 (enina amby folo) ny hopitalin'ny Faritra ary CHU miisa 20 (roapolo) no homena fampitaovana vaovao fampiasa anaty laboratoara (vaovao ary feno izy ireo).

Ao anatin'ny dimy taona ho avy kosa, ezahina ny hananganana fotodrafitrasa vaovao misahana ny sampana vonjy aina (service d'urgences). Ny tanjona amin'izany dia mba hanana sampana vonjy aina avokoa ny hopitaly rehetra eran'i Madagasikara (hopitalin'ny Distrika, hopitalin'ny Faritra, CHU).

Mikasika ny tolotra fahasalamana manakaiky vahoaka dia hampitomboina hatrany amin'ny 200 000 (roa hetsy) ireo olona hisitraka fitsaboana maimaim-poana mandritra ny hetsika sy mandritra ny Rodorodon'ny Fahasalamana (caravane médicale) izay 2 (roa) isan-taona no hotanterahina isam-paritra, ka anisan'ny hahazo tombony amin'izay ireo Kaominina tena mitoka-monina miisa 456 (enina amby dimampolo sy efajato) ary hotsinjavina manokana amin'izany ihany koa ireo zokiolona. Rodorodon'ny fahasalamana miisa 4 (efatra) isan-taona kosa no hatao any amin'ny Kaominina saro-dalana.

Hanakaiky vahoaka hatrany ny fitsaboana ka olona sahirana miisa 175 000 (dimy arivo sy fito alina sy iray hetsy) isan-ona no hampisitrahana ny fitsaboana maimaim-poana eny anivon'ny Fokontany sy ny Kaominina amin'ny alalan'ny hetsika "soins de proximité" eny ifotony.

Hofitsinjavina ireo olona sahirana ka hisy ny fandraisana an-tànana maimaim-poana ho an'ny fitsaboana vonjy taitra izay hampiasana ny "fonds d'urgences", ka ireo tobim-pahasalamana fototra rehetra miisa 2 831 (iraika amby telopolo sy valon-jato sy roa arivo) dia samy ho afaka hanolotra izany avokoa mandritra ny dimy taona ho avy.

Hisy ihany koa ny hetsika famoràna faobe isan-taona amin'ireo hopitaly rehetra manerana ny Nosy miisa 136 (enina amby telopolo amby zato) sy any amin'ny tobim-pahasalamana fototra miisa 1 400 (efajato sy arivo).

Hanao fitiliana isan-taona mialoha ny homamiadan'ny nono sy vozon-tranon-jaza mahazo ny vehivavy isika, ka manodidina ny 200 (roanjato) no hisitraka izany. Kaominina saro-dalana miisa 45 (dimy amby efapolo) no hanaovana hetsika fandidina avy amin'ny ekipan'ny mpitsabo mpandidy mitety vohitra, ka marary miisa 1 500 (dimanjato sy arivo) no hisitraka izany isan-taona.

Tsy azo hadinoina ihany koa ny momba ny fahasalaman'ny zaza eo amin'ny lafiny ady amin'ny tsy fanjarian-tsakafo. Noho izany, hanangana ivon-toerana vaovao (CRENI, CRENAS) miisa 8 (valo) isika amin'ity taona 2024 ity. Ho an'ny taona manaraka kosa hatramin'ny taona 2028 dia kasaina hisy CRENI avokoa ny hopitaly rehetra (hopitalin'ny Distrika, hopitalin'ny

Faritra sy CHU misy sampana fitsaboana zaza) ary ny CRENAS kosa, hasiana farafahakeliny iray isaky ny Distrika.

Mikasika ny mahaolona kosa (Capital humain) dia hanofana infirmiera sy mpampivelona miisa 4 600 (eninjato sy efatra arivo) ihany koa isika hisahana manokana ny toeram-piterahana sy toerana sahanin'ny infirmiera eny anivon'ny Kaominina lavitra sy saro-dàlana. Mba hanatsarana ny kalitaon'ny fitsaboana dia homena fanofanana mikasika ny fampiasana ireo fitaovana ara-pahasalamana vaovao, indrindra amin'ny fikirakirana ireo antontambaovao mahakasika ny marary izay hatao amin'ny alàlan'ny "e-learning" ireo tomponandraikitra isan-tokony eo anivon'ny Minisiteran'ny Fahasalamana, izay hatomboka ato anatin'ny 100 (zato) andro.

### 1.3 Ny Fanabeazana sy ny fampianarana

Tohizana ny ezaka hanatsarana ny tahan'ny fidirana an-tsekoly ho an'ny zaza Malagasy. Nanomboka ny taona 2019 ka hatramin'izao dia efa be ireo asa vita hanatsarana ny fanabeazana. Tao ny fananganana ny efitrano sekoly manerana ny Nosy miisa 3 062 (roa amby enimpolo sy eninjato sy telo arivo) nampitaovana an'ireny sekoly ireny tamin'ny dabilio miisa 42 679 (sivy amby fitopolo sy eninjato sy roa arivo sy efatra alina) boky fianarana, ny aron'akanjo, ny "kits scolaires" ary ireo ezaka maro samihafa.

Amin'ity fe-potoana 2023-2028 ity dia hitohy ny asa fampitaovana ireny sekoly vita ireny na amin'ny fampitomboana ny isan'ny mpampianatra na amin'ny fampiakarana ny kalitaon'ny fahaizan'ny mpampianatra na amin'ny fampiakarana ny fari-pahaizan'ny mpianatra. Omena tohana ihany koa ny tokantrano marefo amin'ny fanomezana ny aron'akanjo, "kits scolaires",...

Mbola hitohy hatrany ny fananganana fotodrafitrasa, toy ny sekoly sy efitrano ary dabilio any amin'ny Distrika mila izany.

Anisan'ny ezaka hatao ao anatin'ny 100 (zato) andro ny fizarana dabilio miisa 25 000 (dimy arivo sy roa alina) hotsinjaraina ka hampitaovana ireo trano sekoly vao naorina sy anoloana ireo efa simba eny anivon'ny sekoly.

Hatao ihany koa ny fanamboarana ireo birao sy efitrano fianarana miisa 300 (telonjato) nisy fahasimbana ny tafony. Hotohizana koa ny fanomezana "Tablette numérique", ka 2 500 (dimanjato sy roa arivo) no kasaina hozaraina amin'izany. Homena karatra famantarana misy "QR code" ny mpiasan'ny fampianarana ary miisa 4 000 (efatra arivo) aloha no hanombohana izany.

Eo amin'ny fanatsarana ny kalitaon'ny fampianarana, hisy fizarana boky torohay miisa 22 600 (eninjato sy roa arivo sy roa alina) ao anatin'ny 100 (zato) andro momba ny fampianarana mamaky sy manoratra ny teny Malagasy ary ny kajy ho an'ireo mpampianatra T2. Hozaraina amin'ireo sekolim-panjakana mitsinjara ho EPP miisa 26 777 (fito amby fitopolo sy fitonjato sy enina arivo sy roa alina), kolejy miisa 2 848 (valo amby efapolo sy valonjato sy roa arivo) ary Lysea miisa 582 (roa amby valopolo sy dimanjato) ny "**caisse ecole**". Mpampianatra miisa 31 400 (efanjato sy arivo sy telo alina) no hahazo ny tambinkarama ho an'ny enim-bolana voalohany amin'ity taom-pianarana ity.

Ezahina hovitaina amin'ity taona 2024 ity kosa ny fananganana trano fianarana miisa 164 (efatra amby enimpolo amby zato), ny fanomezana “kits scolaire” ho an'ny garabola ho an'ny toeram-pianarana miisa 790 (sivy folo sy fitonjato) ary “kits scolaire” ihany koa miisa 251 492 (roa amby sivifolo sy efanjato sy arivo sy dimy alina sy roa hetsy) ho an'ny dingana hafa. Sakafo an-tsekoly mihoatra ny 1 364 598 (valo amby sivifolo sy dimanjato sy efa arivo sy enina alina sy telo hetsy sy iray tapitrisa) no hozaraina an-tsekoly.

Mpampianatra FRAM miisa 8 400 (efanjato sy valo arivo) no hahazo tambin-karama ary mpampianatra 10 000 (iray alina) no hampidirina mpiasa raikitra. Boky fianarana miisa 12 181 475 (roambinifolo tapitrisa mahery) sy boky toro-làlana ho an'ny mpampianatra miisa 783 931 (mahery ny valo alina sy fitohetsy) no hozaraina. Mpampianatra miisa 133 000 (mihoatra ny telo alina sy iray hetsy) no hahazo fanofanana amin'ny fomba maro samihafa sy amin'ny taranja samihafa ihany koa. Hofanina amin'ny fahaiza-mitantana ara-bola sy ny fitantanana-draharaha ny mpiasan'ny Ministera sy ireo sampandraharaha ifotony miisa 31 600 (enimpolo sy fitonjato sy arivo sy telo alina).

Fehiny, ny ankamaroan'ireo asa voatanisa teo ambony ireo dia hotohizana isan-taona mandritra ny taona 2024-2028.

Mikasika manokana ny **Fampianarana Ambaratonga Ambony**: maro ny fanamby napetraka mba hanatsarana hatrany ny lenta ary ny vokatra andrasana. Ny tanjona tiana hotratrarina amin'izao fe-potoam-piasana vaovao izao dia ny hanohizana ny fanomezan-danja ny fampianarana ambony, ny mba hisokafan'ireo Oniversite any amin'ny Faritra maro izay natsangana miaraka amin'ny sampam-pampianarana mifanaraka amin'ny filàna ara-toekarena sy ara-tsosialin'ny Faritra misy azy ireo avy.

Mba ho mpampianatra voafantiana afaka manome fampianarana tsara kalitao no hampita ny fampianarana amin'izy ireny. Ao anatin'ny ezaka hatao ny hametrahana fiaraha-miasa amin'ireo mpampianatra avy any ivelany izay afaka hitondra tombony azo tsapain-tànana amin'ny fanatsarana bebe kokoa ny tolotra omena ny mpianatra Malagasy.

Tohizana ary hamafisana ny haitao arakajy mirindra (digitalisation) amin'ny fomba fitatantana ny vatsim-pianarana ho an'ny mpianatra, ny karaman'ny mpiasa ary ny fitantanana ny “heures complémentaires” eny amin'ny Anjerimanontolo.

Farany, tsy ho latsa-danja ny fanatsarana hatrany ny tolotra fampianarana sy ny fanofanana ampitain-davitra.

#### **1.4 Fampiofanana faobe sy ny famoronana asa ho an'ny vehivavy sy ny tanora**

Anisan'ny tanjona hotratrarina amin'ny taona 2024-2028 ny hanomezana hirika ho an'ny Malagasy tsy an'asa hanaraka fanabeazana sy fiofana mahomby, tandrifin'ny tsirairay avy ary mifanaraka amin'ny tsenan'ny asa sy ny filàn'ireo tsy an'asa. Hotohizana ihany koa ny fampianarana ireo izay hiditra amin'ny sehatry ny fandraharahana ka hamoronana asa ho azy sy ho an'ny hafa.

Ao anatin'ny 100 (zato) andro voalohany dia tetikasa maromaro no atolotry ny fitondram-panajakana, ka ny Faritra rehetra eto amintsika dia hisitraka izany avokoa. Ny **fanofanana ho an'ny daholobe**, miompana amin'ny vehivavy no hanombohana izany ka vehivavy sahirana miisa 150 000 (dimy alina sy iray hetsy) eo anelanelan'ny fito amby folo ka hatramin'ny sivy amby dimampolo taona no hisitraka izany.

Hiompana ihany koa amin'ny tanora ny fanofanana manaraka, ka tanora miisa 100 000 (iray hetsy) eo anelanelan'ny dimy amby folo ka hatramin'ny telopolo taona no hisitraka izany. Betsaka ny karazam-panofanana hatolotry ny fitondram-panjakana. Ireto avy ny karazan'ny tolotra mety hisy:

**- Fanofanana faobe ho an'ny vehivavy mba hisitraka ny tsenam-baro-panjakana**

Betsaka ny kojakoja ilaina ho an'ny mpianatra Malagasy kanefa hafarana avy any ivelany avokoa, ka amoahana vola vahiny maro. Hofanina amin'ny zaitra manaraka ny fenitra ny vehivavy Malagasy, fa indrindra ireo tsy an'asa ary hampiana ihany koa amin'ny fitaovana. Ezahina ny tsy hanafarana avy any ivelany intsony ireny aron'akanjo ho an'ny mpianatra madinika ireny fa ireo vehivavy na fikambanam-behivavy maneran'ny Nosy no hanajitra azy. Asa maro no hiforona amin'izany ary mba ho fidiram-bola ho an'ireo mpandray anjara rehetra ihany koa.

**- Fanofanana marolafy mikasika ny fandraharahana sy ny famoronan'asa**

Ny fanjakana dia hanolotra fitaovam-pamokarana maro samihafa entina mandraharaha amin'ny alàlan'ny famoronana orinasa madinika kanefa ilaina dia ilaina aloha no manofana vehivavy na fikambanam-behivavy ary tanora vonona sy manana fahavitrihana hanao izany asa rehetra izany.

Ny fiofanana dia hisandrahaka manerana ny Nosy ary torak'izay koa ny fametrahana ireo fitaovam-pamokarana ireo.

**- Fanofanana mikasika rarivato na "pavé"**

Toeram-piofanana maro manerana ny Nosy no hanao ny fampiofanana rarivato, ka eto Analamanga sy any Vakinankaratra no hanombohana azy. Maro ny dingana ao anatin'ny fiofanana ary maharitra 20 (roapolo) andro izany.

**- Fanofanana amin'ny asan'ny "web"**

Rehefa natao ny fanadihadiana dia namoaka fa tafiditra ao anatin'ny be mpitady indrindra ny fiofanana amin'ny ivotoeran'antso. Voamarika fa ny vanim-potoana handraisan'ireny orinasa ivotoeran'antso ireny mpiasa be indrindra dia ny fiandohan'ny taona tahaka izao. Manana fifanarahana amin'ny Minisitera ireo mpampiofana rehetra. Misy karazany roa koa ny sanda kendrena isaky ny andiany: ho an'ny karazany voalohany dia tanora miisa 200 (roanjato) ary ho an'ny karazany faharoa dia mpianatra ho mpanofana miisa 25 (dimy amby roapolo) no hokendrena ho tratra. Herinandro no faharetan'ny fiofanana, ka ny tanjona trararina dia ny hampihenana ny tsy fananan'asan'ny tanora, ny fanatsarana ny lentan'ny fahaizana sy fahaiza-manaon'ny tanora ary ny fanamorana ny famoronan'asa tena ho azy ireo.

### - **Fanofanana faobe ampitan-davitra (MOOC na Massive Open Online Courses)**

Hisokatra ny tranokala ho an'izay maniry hitsidika sy handray anjara amin'ny fiofanana. Maro ny taranjam-piofanana azo isafidianana ao satria karazana fampiofanana telopolo (30) isam-bolana no azo harahin'ny mpiofana ka misy "video" na "tutoriel" ataon'ny mpampiofana ao.

Afaka mampiana-tena tsy manatrika fiofanana mivantana ny mpiofana. Mandavan-taona ny fanofanana ary misokatra amin'ny ora rehetra. Ny vokatry andrasana dia ny fiakaran'ny lentan'ny fahaiza-manao ny tanora miditra eo amin'ny sehatry ny asa, ny fampitomboana sy fanitarana fahaizana amam-pahalalana ary ny fitomboan'ny tahan'ny tanora mahazo fanofanana. Mpiofana miisa 5 000 (dimy arivo) isam-bolana no hahazo fanofanana amin'ny alàlan'ny MOOC.

### - **Malalaka (Open Space) ho amin'ny fiofanana arak'asa fohy ezaka**

Hatsangana mandavan-taona ny "open space" ary hozaraina ho seha-pampiofanana handraisana karazana taranjam-piofanana izay ho faritana araka ny filan'ny tsenan'ny asa. Fiofanana fohy no atao amin'izany. Fiofanana tonga dia afaka anaovana fampiharana no atao ary tonga dia hozaraina fitaovana hoenti-miasa avy hatrany ireo nahavita fiofanana. Ireo fiofanana be mpitady indrindra sy ireo sehatra mbola tsy ahitana fiofanana mihitsy no hanombohana izany (ohatra: "Maçon polyvalent, Eleveur de poulet de race, Transformateur agro-alimentaire, conseiller client, Menuisier, Soudeur, Technicien agricole, Tehnicien en traitement de déchets",...) Tanora miisa 5 000 (dimy arivo) no hofanina isan-kerinandro ary tonga dia afaka misehatra avy hatrany eo amin'ny tsenan'asa izy ireo.

Noho izany, horaisina ny **fanatsarana ny toeram-panofanana** eto amintsika. Havaozina avokoa ireo toeram-panofanana miisa 148 (valo amby efapolo amby zato) manerana ny Nosy izay mitsinjara toy izao: «Lyceé Technique Professionnel» na LPT miisa 84 (valo amby efapolo), «Centre de Formation Professionnelle» na CFP miisa 47 (fito amby efapolo) ary «Centre de Formation Professionnelle pour les Femmes» na CFPF miisa 17 (fito amby folo).

Haverina **hosokafana indray** ny toeram-panofanana miisa 15 (dimy amby folo) manaraka ny fenitra: «Lyceé Technique Professionnel» LTP 1 (iray), «Centre de Formation Professionnelle» CFP miisa 8 (valo), «Centre de Formation Professionnelle pour les Femmes» CFPF miisa 2 (roa) ary «Centre de Formation Professionnelle de Référence» CFPR miisa 4 (efatra). Mandritra ny dimy taona no faharetan'ny tetikasa.

Hatao laharan-pahamehana ny **fanokanana sy ny fanokafana ireo «Centre de Formation Professionnelle de Référence» (CFPR)** efa mitsangana. Fohy ezaka ny fampitaovana ireo CFPR efa mitsangana any Betafo, Bealanana, Tsihombe, Ihosy ary Vatomandry mba ho azo ampiasaina avy hatrany.

Efa fantatsika fa tsy mitovy ny filàna arak'asa isaky ny Faritra. Izay fahasamihafana izay no hotrandrahan'ny tanora ka hoentiny mampandroso ny Faritra misy azy. Hisy fanadihadiana manokana hatao mba hamantarana ny fiofanana mifandraika amin'ny isam-paritra sy ny filàna eo amin'ny tsenan'asa, ka hatsangana ny foibem-piofanana manokana iray isam-

paritra mifanaraka amin'izany. Ny vokatry andrasana dia loharanon'olombelona isam-paritra mamokatra ary mahavaly ny tsenan'asa ao aminy. Noho izany, hanofana sy handray ho mpiasam-panjakana ny mpampiofana mamaly ny filàna manerana ny Nosy isika.

### 1.5 Ny kolotsaina

Ho amin'ny lafiny kolotsaina manokana, hapetraka amin'ny toerana tokony hisy azy ny lalan-tsaina manandratra ny maha-malagasy antsika.

Noho izany dia hotohizana ny ezaka fiarovana ny harem-bakoka manerana ny Nosy. Hanolotra hetsika maro isan-karazany hamelomana indray ny fanabeazana ny vahoaka amin'ny alàlan'ny kolotsaina isika, toy ny hira gasy mitety vohitra, fanatontosana tantara an-dapihazo, fifaninan-kira isam-paritra. Entina ireny hanolokoloana ny toe-tsaina amampitondran-tenan'ny olom-pirenena.

Hotokanana tsy ho ela intsony ireo Tranoben'ny Kolotsaina sy ny serasera any Moramanga, Farafangana, Ambositra sy Ambovombe. Hovitaina ny "Académie Nationale des Arts et de la Culture" (ANAC) etsy Ambotsirohitra.

Ny Tranoben'ny Kolotsaina sy ny Serasera manerana ny Nosy dia hampiasaina ho toeram-pamohazana ny talenta sy ho fanabeazana ny ankizy sy ny tanora eo amin'ny lafiny zavakanto, toy ny fianarana mozika, tantara an-dapihazo, hosodoko, dihy, kabary.

Hanaovana ezaka manokana ny fampiroboroboana ny seha-pamokarana momba ny boky.

Farany, hotohizana ihany koa ny ady amin'ny hosoka atao amin'ny sanganasan'ny artista sy ny mety ho fanaovana tantely afa-drakotra ny harena ara-kolotsaina.

### 1.6. Ny famatsiana herinaratra ho an'ny any ambanivohitra sy ny tokantrano marefo

Ezaka lehibe no ientanan'ny fitondram-panjakana amin'ny fanatanterahana ny ezaka "**Angovo ho an'ny daholobe**". Marihana fa ankehitriny dia tokantrano miisa 650 000 (dimy alina sy enina hetsy) irery ihany no manjifa sy misitraka ny JIRAMA. Fanamby lehibe ary tanjona apetraky ny fitondram-panjakana ny hitondra hazavana amin'ny tokantrano miisa 5 800 000 (valo hetsy sy dimy tapitrisa) mifanaraka amin'ny mponina miisa 28 (volo amby roapolo) tapitrisa manera ny Nosy ao anatin'ny dimy taona.

Napetraka arak'izany ary tena laharam-pahamehana ny politikan'ny angovo izay manome lanja lehibe ho an'ny fitrandrahana angovo azo havoazina, ny 80% (valopolo isan-jato)-n'ny vahoaka Malagasy dia miaina amin'ny tontolo ambanivohitra. Laharam-pahamehana ho an'ny fitondram-panjakana ny fijerena manoakana azy ireo hisian'ny fampandrosoana mirindra sy maharitra.

Amin'ny alàlan'ny ezaka fampidirana herinaratra amin'ny tontolo ambanivohitra amin'ny fitrandrahana angovo azo havoazina na tobim-pamorakara herinaratra avy amin'ny masoandro dia hampitomboana ireo tanàna hisitraka herinaratra, ka ho lasa 172 (roa amby fitopolo amby zato) izy ireo amin'ny volana Jona 2024. Amin'izay fotoana izay dia hiisa

130 000 (telo alina sy iray hetsy) ny tokantrano hisitraka hazavana avy amin'ireo orinasa mpamokatra mifandraharaha amin'ny ADER.

Laharam-pahamehan'ny fitondrana ihany koa ny fitsinjovana ny vahoaka tena marefo, ka natomboka sy tohizana ny fizarana ny **"hazavana ho anao"**. Izy io dia jiro mandeha amin'ny herin'ny masoandro miampy fitaovana maromaro miaraka aminy ary hozaraina maimaim-poana ho an'ny fianakaviana marefo ara-pivelomana miisa 200 000 (roa hetsy) mifanaraka amin'olona 1 000 000 (iray tapitrisa) ao anatin'ny tapany voalohany (100) zato andro ary mbola hotohizana hatratrarana ny tanjona fizarana jiro 4 (efatra) tapitrisa.

Hisy ny fanamorana ny fisitrahana herinaratra ho an'ireo tokantrano akaikin'ny tambazotra mpitsinjara herinaratra JIRAMA, amin'ny alàlan'ny tetikasa "Branchement Mora", ka ato anatin'ny 100 andro dia tokantrano miisa 50 000 (dimy alina) no afaka hisitraka herinaratra amin'ny sarany mora.

### **1.7 Rano, fanadiovana ary fidiovana ho an'ny rehetra**

Eo amin'ny sehatry ny rano, fanadiovana sy fidiovana, hotanterahina ireto ezaka voalaza eto ambany ireto izay asa atao mivaingana mba ho vokatra tratarina ao anatin'ny 100 (zato) andro:

- Faritra Atsimo: firosoan'ny asa fototra amin'ny taozava-baventy ao amin'ny faritra akana ny rano (zone de captage) sy fahatongavan'ny "pepline" mirefy 63km (telo amby enimpolo kilometatra). Izy io dia tafiditra ao anatin'ny tetikasa goavana "pipeline Efaho".
- Fandraisana ireo lavadrano (forage) miisa 20 simba kanefa narenina mba hahazoana rano fisotro sy fampiasana marolafy ao amin'ny Distrikan'Amboasary, Ambovombe ary Beloha.
- Fandraisana ireo "forages" miisa 51 (iraika amby dimampolo) amin'ny tanàn-dehibe maro amin'ireto Disitrika ireto: Ihosy, Mahajanga, Ambondromamy, Maevatanana, Manakara, Vohipeno, Fianarantsoa ary Nosy Varika
- Lavadrano miisa 11 (iraika amby folo) no hatao ho an'ny "Grand Tanà": Ampefiloha Ambohidrano, Ambohimangakely, Ambohijanaka, Ambohimanga Rova, Bemasoandro, Antsahamasina, Imerimandroso, Antsahakely, Marobiby, Andraisoro, Andranovelona Ilafy.
- Fanamboarana sy famitana ireo asa famatsiana rano fisotro madio ao Taolagnaro, Manandriana, Sakaraha, Tsiroanomandidy, Mahajanga I, Fianarantsoa I, Toliara I, Ambatomainty, Port-Bergé.
- Fanaovana tantsoroka ho fanadiovana ny fako eto Antananarivo.
- Fandraisana ireo fampitaovana ho amin'ny fitantanana ny fako eto amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (Camion, Trax, Bull, Daba fanariam-pako).
- Fanombohana ny asa fanamboarana toeram-pidiovana eny anivon'ny Fokontany (blocs sanitaires) eto Antananarivo Renivohitra sy any amin'ny Distrika maro manerana ny Nosy.

Noho ny filàna maika ho an'ny mponina dia ireto no ezaka hovitaina alohan'ny faran'ny taona 2024:

- Fandraisana ny fantsona lehibe mitondra rano izay nohavaozina amin'ny Mandrare-Sampona.
- Toerana fanalana sira miisa 6 (enina) no vita any amin'ny Distrikan'Ampanihy, Taolagnaro, Amboasary Atsimo, Ambovombe, Beloha ary Tsihombe.

- Fahavitan'ny asa famatsiana rano fisotro madio miisa 23 (telo amby roapolo) ao Ambato Boeny, Antsiranana II, Soavinandriana, Antsohihy, Bealanana, Ampanihy, Besalampy, Morafenobe, Andramasina, Mananara-Nord, Maroantsetra, Antanambao-Manampotsy, Ivohibe, Ihosy, Mahajanga I, Farafangana, Kandreho, Mitsinjo, Isaorana, Maevatanana, Ambovombe, Belo Sur Tsiribihina.
- Fanamafisana ny asa fanajariana ny fanariam-pako eny Andralanitra.
- Fanajariana ny famoahan-drano manodidina ny "Stade Barea" sy ny "Lac Anosy" mba hisorohana ny tondra-drano eto Antananarivo.
- Fanamboarana ny toerana fidiovana maro hafa eran'ny Nosy.

Mandritra ny taona 2024-2028 dia hatao ny fampivoarana sy ny fanatsarana azo tsapain-tànana eo amin'ny fiainan'ny mponina manerana ny Nosy amin'ny alàlan'ny fisitrahana rano fisotro madio.

Ireto no hatao amin'izany:

- Fanamboarana sy fahavitan'ny fotodrafitrasa famatsian-drano fisotro madio ao an-tampon-tanàn'Antsiranana, Antananarivo (Tetikasa JIRAMA Tana Water III), Toamasina, Maroantsetra ary Mananara Avaratra.
- Hiodina ary hiasa ny "pipeline Efaho".
- Hovitaina ireo fanamboarana ireo toby fitehirizan-drano manerana ny Nosy.
- Hipetraka ny toby fitehirizan-drano maro amin'ny tanàn-dehibe.
- Hovitaina ny fanitarana sy fanoloana ireo fantsona mitsinjara rano manodidina ny 1 020 km (roapolo sy arivo kilometatra) eto Antananarivo sy ny Faritra hafa.
- Hotohizana ihany koa ny fanarenana sy fanitarana ireo fantsona mitsinjara rano mihoatra ny 900 km (sivinjato kilometatra).
- Mipetraka ireo fotodrafitrasa fanadiovana sy fidiovana eny anivon'ny sekoly miisa 260 (enipolo sy roanjato) sy ny tobim-pahasalamana fototra miisa 70 (fitopolo).
- Hipetraka ireo tohadrano fiarovana sy fampiasa marolafin'ny Mandrare sy ny tohadrano telo any amin'ny Faritra Amoron'i Mania sy Ihorombe izay hanondraka velaran-tany hatramin'ny 30 000 Ha (telo alina hektara).

### **1.8 Fahaleovantena ara-tsakafo mifototra amin'ny tohadrano ary fizarana zezika sy masomboly**

Ny fahaleovantena ara-tsakafo no tanjona imasoan'ny fitondram-panjakana Malagasy ao anatin'ny dimy taona ho avy. Ny tanjona nofaritan'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana dia ny fanohizana ny ezaka fametrahana velaran-tany lehibe vaovao mirefy 100 000 Ha (iray hetsy hektara) voajary. Hisy ny fanitarana izany amin'ny alàlan'ny fanajariana ireo lemaka voatondraka sy ny fanarenana tanteraka na amin'ny ampahany ireo lemaka tranainy efa tsy mandeha intsony ankehitriny.

Lemaka voatondraka mirefy 524 263 Ha (dimy hetsy mahery) no hasiam-panarenana kosa ao anatin'ny 5 taona. Ho an'ireo Faritra ampy rotsak'orana mety amin'ny vary an-tanety, ny tanjona dia ny hahatratrana velaran-tany voavoly hatramin'ny 86 793 Ha (fitonjato sy enina arivo sy valo alina hektara) ao anatin'ny 5 taona. Ny asa dia hotanterahina eo anivon'ireo toeram-pamokaram-bary lehibe miisa 16 voafaritra tao amin'ny Paikady Nasionaly Fahatelo

Hampiroboroboana ny Vary (SNDR III 2023): Bealanana, Andapa, Bekapila, Marovoay, Iazafo, Alaotra, Maintirano, Betsimitatatra, Itasy, Ambohibary, Tsiribihina, Mahabo, Mangoky “Rive Droite”, Mangoky “Rive Gauche”, Taheza ary “Haut Bassin de Mandrare”.

Ezahana ny fanaparitahana ireo teknika vaovao manara-penitra, ka anisan'izany ny famokarana vary maharitra (riz pérenne) sy ny vary safiotra (hybride).

Ho an'ny taona 2024 sy 2025, ozinina famokarana zezika organika dimy no hatsangana eto amintsika amin'ny ireto Faritra ireto: Antsiranana, Amoron'i Mania, Sofia, Boeny ary Alaotra Mangoro.

Zezika simika (NPK sy Urée) izay vokarin'ny orisana Analamalotra, Toamasina ka 3 000 T (telo arivo taonina) no hovokarina ao anatin'ny 100 (zato) andro, 12 000 T (roa arivo sy iray alina) kosa ho an'ny taona 2024.

Raha ny zezika organika kosa, 50 000 T (dimy alina) no hovokarina ho an'ny taona 2024 ary 280 000 T (valo alina sy roa hetsy) ho an'ny 5 taona manaraka. Hisy ihany koa ny famokarana zezika simika iarahana amin'ny Ambatovy azo avy amin'ny “Sulfate d'Ammonium”.

### **1.9. Tanora sy ny ady amin'ny zava mahadomelina**

Araka ny antontan'isa, 50% (dimapolo isan-jato)-n'ny mponina eto Madagasikara dia tanora avokoa. Tombontsoa lehibe eo amin'ny lafiny fampandrosoana izany raha manana tanora vanona sy vonona isika. Laharam-pahalemana ho an'ny fitondram-panjakana ny taona 2024-2028 ny hanomezan-danja manokana ny tanora.

Maro ny tanora no kendrena hisitraka ny fampianarana sy ny fanofanana “Life Skills Fanoitra” na fahaizana matrika ny fiainana. Amin'ity taona 2024 izay fanombohan'ny asa ity dia kendrena ho 35 000 (dimy arivo sy telo alina) ireo tanora hisitraka izany.

Hametraka “Académie du Sport de Haut Niveau” isika, ka mpanao fanatanjahantena miisa 250 (dimampolo sy roanjato) no kendrena hisitraka ny satan'ny mpanao fanatanjahantena avo lenta amin'ny taom-piasana 2024-2028.

Hanampy betsaka amin'ny fanatratrana izany tanjona izany ny fananganana fotodrafitrasa ara-panatanjahantena isan-karazany.

Isan'izany ireo fotodrafitrasa miisa 148 (valo amby efapolo amby zato) hatramin'ny taona 2028 mba ho fitaizam-batana, ho fanomanana ny taniketsan'ny tanora mpanao fanatanjahantena sy ho fampiroboroboana ny fanatanjahantena avo lenta.

Toy izao no fitsinjarana izany fotodrafitrasa izany:

- Kianja mahazaka olona mihoatra ny 2 000 (roa arivo), miisa 6 (enina).
- Kianja manara-penitra mahazaka olona 500 (dimanjato) ka hatramin'ny 1 000 (arivo) eny anivon'ny Distrika miisa 93 (telo amby sivy folo).
- Kianja mitafo mahazaka olona 4 000 (efatra arivo) miisa 6.

- Kianja mitafo mahazaka olona 2 000 (roa arivo) miisa 1 (iray).
- Kianja mitafo mahazaka olona 1 000 (arivo), miisa 25 (dimy amby roapolo).
- Kianja fampiantranoana mpanao fanatanjahantena, miisa 6 (enina).
- Dobo filomanosana olimpika miisa (enina).
- «Pistes en tartan» manaraka ny fenitra iraisam-pirenena miisa 32 (roa amby telopolo).

Sakana iray tena hita fa manimba ireo tanora Malagasy ny fidorohana zava-mahadomelina. Handraisana fepetra hentitra sy matotra araka izany ireo tompon'antoka rehetra tratra amin'ny fanamparitahana zava-mahadomelina. Politika famongorana amin'ny alàlan'ny fanenjehana sy ny famaizana ireo mpanafatra sy mpamatsy zava-mahadomelina mahery vaika, ny fametrahana paikady maro lafy sy ifarimbonana no hampiharina.

Nahazoana vokatra tsara ka hotohizana ny fampandehanana ny fotodrafitrasa vaovaon'ny "Office National de Lutte Anti-Tabac" OFNALAT sy ny fametrahana ny toerana handraisana an-tànana ara-pahasalamana ireo miankin-doha amin'ny zava-mahadomelina izay manimba ny ampahan'ny tanora ankehitriny.

Hamafisina arak'izany ny fanamorana ny fandraisana an-tànana ireo tanora midoroka sy ny fianankavian'izy ireo. Tsy maintsy atao ihany koa ny tombana ara-tsosialy handrefesana ny fidorohana zava-mahadomelina.

Hotanterahana aorian'izany ny hetsika "Coup de poing" hamongorana amin'ny tontolon'ny tanora (lalambe sy sekoly indrindra indrindra) ny varotra zava-mahadomelina. Hezahina ny fanavaozana ny Lalàna laharana-97-039 tamin'ny 4 Novambra 1997 momba ny fanarahamaso ireo zava-mahadomelina, ny mahavery saina sy ny mpanamboatra azy eto Madagasikara ary ireo rijan-teny mahakasika izany.

## **2. Fampiroboroana ny indostria sy ny fanodinana ara-toekarena**

Ny tanjona dia ny hamokarana ireo entana sy sakafo rehetra izay ilain'ny mponina andavan'andro eto an-toerana, ka hiteraka asa maro eto amintsika izany ary hampihena ny fanafarana entana avy any ivelany izay tena mandany ny tahirin'ny vola vahiny eto amin'ny firenentsika.

Hiezaka isika hitazona ny sandam-bola Malagasy mba ho marin-toerana hatrany amin'ny alàlan'ny fitantanana mahomby ny vola miditra avy amin'ny fanondranana entana any ivelany.

Etsy ankilany, ny fijerena manokana ny seha-pihariana volamena dia lalana anankiray ahafahantsika hanatevina ny kitapom-bolam-pirenena ao anatin'ny fotoana fohy.

Ny "code minier" vao lany tamin'ny taon-dasa dia hanamora ny fampiasam-bola eto amintsika izay hanampy amin'ny fanamarinan-toerana ny sandam-bolantsika ato anatin'ny roa na telo taona ho avy.

Etsy andaniny, ny “code des investissements” vaovao dia hitsinjo manokana ny fampiasam-bola amin’ny seha-pamokarana maro ahafahana mampiroborobo sy misarika ny mpampiasa vola eto an-toerana sy avy ivelany.

Hampitombo ny haba sy hetra miditra ary hamorona asa vaovao maro manerana ny Nosy ny politikam-pirenena ankehitriny mahakasika ny fampiasam-bola eto amintsika.

Hanohy ny ezaka ny fitondram-panjakana amin’ny fampifanarahana ny tetibolam-panjakana amin’ny fanatanterahana izay laharam-pahamehana sy fandaharan’asa voafaritry ny Politika Ankapoben’ny Fanjakana.

Amin’ny lafiny tetibola dia hampitomboina hatrany ny vola miditra amin’ireo vondrom-bahoakam-paritra eny ifotony amin’ny amin’ny alàlan’ny vola miditra azo mba hanatsarana sy hanafainganana ireo asa fampandrosoana maro izay misy fiantraikany avy hatrany amin’ny vahoaka eny ifotony.

Ny fandania ny volam-panjakana dia harindra arak’izay efa voafaritry ao amin’ny tetibolam-panjakana. Izany dia mba ahafahantsika hifeny arak’izay azo atao ny fiakaran’ny vidim-piainana eto amintsika. Tsy hihoatra ny 7,7% ny fiakaran’ny vidim-piainana eto amintsika amin’ity taona ity na mbola eo aza ny ady any “Ukraine”, ny trangan’ady mahakasika varotra sy fitaterana an-dranomasina ao amin’ny Ranomasina Mena, ny ady mihamafy eo amin’ny Israely sy ny “ Hamas ” ao Palestina.

Ny fampiasana ny haitao ara-kajy mirindra mba hanamaivanana sy hanatsarana ny fitantanana ny volam-panjakana dia lalana iray mahomby amin’ny ezaka hilofosana mba hisian’ny fangaraharana sy ny fanajana ny tamberin’andraikitra eo amin’ny vahoaka sy ny rafi-panjakana rehetra misy.

Ny tanjona dia ny hampiakatra ny harinkarena faobe ho 4,5% (efatra faingo dimy isanjato) amin’ity taona 2024 ity araka ny voarafitra ao amin’ny tetibolam-panjakana LFI 2024. Hiakatra mihoatra ny 5% (dimy isanjato) ny harinkarena faobe araka ny vina sy ny lamina ara-toekarena napetraka manomboka ny taona 2025 ary hitombo hatrany hatrany any amin’ny taona hifanesy.

### **2.1 Fampiroboroboana ny indostria sy ny varotra**

Tsy azo ihodivirana ny **fampiroboroboana ny indostria** raha te-handroso isika. Tohizana ny ezaka efa natomboka tao anatin’ny dimy taona dia ny mba hamokarantsika eto an-toerana ireo entana sy sakafo ilaintsika andavan’andro satria sady manana ireo akora isika no manana olona vonona hiasa raha teo koa.

Arak’izay, efa fantatsika ny Lalàna mahakasika ny Fampandrosoana ny Orinasa Vaventy eto Madagasikara, ny Lalàna momba ny Fampiasam-bola ary ny Lalàna momba ny Orinasa Kaoperativa dia fanavaozana lehibe natao mba hanamorana tokoa ny fampiroboroboana ny indostria eto amintsika.

Hotohizana ihany koa ny fametrahana ireo orinasa madinika eny ifotony, hanodinana mivantana ny vokatra mba hialana amin'ny fanafarana entana. Ny Programan'asa "One District One Factory" (ODOF) dia hotohizana ary hamolavola drafitra fametrahana orinasa vaovao miisa 100 (zato) isika manerana ny Nosy.

Hisy ihany koa ny fananganana indostria antonontonony sy lehibe iarahana amin'ny mpandraharaha tsy miankina ary ireo mpiara-miombon'antoka hanomezana asa sy hampitombo isa ny indostria manodina ny akora fototra eto an-toerana. Maro ny tetikasa efa an-dalam-pamolavolana, toy ny orinasa famokarana simenitra, orinasa mamokatra siramamy, orinasa manao "extraction de vanille", orinasa mamokatara zezika sy provandy, orinasa mamokatra lamba. Hatao izay hanamorana ny fandraharahana sy ny fampiasambola, ka handraisana fepetra arak'izay efa voalaza ao anatin'ny lalàna notanisana teny ambony.

Hanangana toerana voatokana ho an'ny indostria isika manerana ny Nosy (Zones d'Emergence Industrielle) satria i Madagasikara dia misokatra amin'ny tsenam-barotra lehibe, toy ny AGOA, COMESA, APE.

Hanao drafitra stratejika hampandraisana anjara feno an'ireo Antenimieran'ny Varotra sy Indostria amin'ny fampandrosoana amin'ny maha masoivohon'ireo orinasa eto an-toerana azy ireo.

Ho an'ny varotra manokana, hotohizana ny fandraisana ny fepeptra hentitra hanaraha-maso ny vidin'entana amin'ny alàlan'ny fametrahana ampahabehimaso amin'ny vidin'ireo entana ilaina andavan'andro (prix de référence) isaky ny Faritra. Hisy ny fanaraha-maso amin'ny fampiharana azy ary handraisana fepetra ireo tsy manaraka izany. Hisy koa ny fivoriana miaraka amin'ny mpandraharaha mpanafatra entana, ny mpamokatra sy ny mpaninjara handraisana fepetra tsy hampiakatra ny vidin'entana.

Momba ny varotra ivelany, hohamafisina ny fijerena ireo tsena ivelany, indrindra eo amin'ny lafiny vidiny mba tena hitondra tombontsoa ho an'i Madagasikara sy ny mpamokatra Malagasy tokoa, ka hohatsaraina hatrany ny vokatra stratejika, toy ny lavanila, "cacao", jirofo, kafe, "litchi". Vitaina sy hajoro ny "Maison de la Vanille".

Tohizana ny fiaraha-miasa amin'ny SPM noho izy manana toerana lehibe amin'ny fanamarinan-toeran'ny vidin'entana amin'ny alàlan'ny fanafarana sy fividianana ny vokatra eto an-toerana, ny fanaraha-maso ny vidin'entana mba hisorohana ny fanararaotana.

Mba hiarovana ny mpanjifa, hamoraina ny famoahana entana any amin'ny seranan-tsambon'i Toamasina, hozaraina karatra mena nomerika ny mpivarotra, harenina avokoa ho moderina ny fitaovam-panjakana rehetra, hojerena manokana ny fanavaozana ny lalàna famaizana momba ny fanararaotana ara-barotra.

## 2.2. Fanatsarana ny famokarana ara-pambolena, fiompiana ary ny jono

Eo amin'ny lafiny **fambolena** dia ny fampitomboana 100 000 Ha (Iray hetsy hektara) ny velaran-tany hambolena vary eto amintsika no tanjona.

Hajoro ho programan'asa iray eto amin'ny firenena ny fanamboarana tohadrano sy lakandrano maro manerana ny Faritra rehetra eto amintsika. Hiara-hiasa akaiky amin'ireo mpiara-miombon'antoka ihany koa isika mba hanafainganana ny fanatanterahana ireo tetikasa mifototra amin'izany tanjona izany.

Arak'izay, efa voalaza tany aloha fa hanangana orinasa mamokatra zezika sy masomboly isika, ka hapetraka ao anatin'ny 6 volana ireo orinasa fanodinana zezika amin'ireo Faritra tena mpamokatra vary, toy ny Alaotra Mangoro, Boeny, Sofia, Amoron'i Mania, Analamanga.

Mikasika ny **fiompiana** omby, hamafisina ny fanaraha-maso ireo aretina mpahazo ny biby sy aretina azo avy amin'ny biby, ka mety hifindra amin'ny olombelona. Izany dia mila fitsirihana sy fanaraha-maso akaiky matetika mba hahafahana mifehy tsara ny sehatr'asa mikasika ny fiompiana.

Eo amin'ny lafiny **jono** manokana, fampiofanana sy fampitaovana ny mpanjono, ny mpiompy trondro ary ny mpanodim-bokatra no hatao ho laharam-pahamehana. Ny tanjona dia ho fampiakarana ny fari-piainan'ireo mpanjono izay miaina ao anatin'io seha-pihariana io. Vinavinaina ho 120 000 (roa alina sy iray hetsy) no isan'ny olona voaofana ho an'ny taona 2024 ary hiakatra hatramin'ny 200 000 (roa hetsy) izany amin'ny taona 2028.

## 2.3 Fampandrosoana ny sehatry ny harena an-kibon'ny tany

Ny firenentsika dia manana harena an-kibon'ny tany maro dia maro tokoa izay ilàna fitrandrahana sy fanodinana amin'ny fomba mahomby sy manara-penitra araka ny lalàna velona. Ny tanjona dia hamokarana vokatra avy amin'ireo harena ireo izay azo vatsiana eo amin'ny tsema iraisam-pirenena mba hitondra fampandrosoana marina, mirindra ary maharitra any amin'ireo toerana fitrandrahana azy ary hahenika ny firenena iray manontolo.

Mahakasika ny **seha-pihariana volamena**, hovitaina ato anatin'ny 100 (zato) andro ny fametrahana ny Sata mifehy ny Ivon-toeran'ny Volamena eto Madagasikara (Centrale de l'Or de Madagascar) sy ny fanombohana fanadihadiana mikasika ny fananganana Ivon-toerana fandiovana volamena (Raffinerie d'or). Hatsangana ary hiodina alohan'ny faran'ny taona 2024 ny "Centrale de l'Or" ary ny taona 2025 ny "Raffinerie d'or".

Vinavinaina hahatratra 500 Kg (dimanjato kilao) ny volamena aondrana ara-dalàna ato anatin'ny 100 andro, 6T (enina taonina) amin'ity taona 2024 ity ary 75T (dimy amby fitopolo taonina) ato anatin'ny 5 taona, izay manome salan'isa manodidina ny 15 T(dimy amby ny folo taonina) isan-taona.

Mba hanatratrarana ireo tanjona ireo dia ezahina hampiroboroboina ny seha-pitrandrahana volamena vaventy na "Or Industriel" hanampy ny vokatra azo avy amin'ny seha-pitrandrahana volamena madinika na ny "Or Artisanal".

Mikasika ny fampiroboroboana ny seha-pitrandrahana harena an-kibon'ny tany vaventy, hatomboka amin'ity taona 2024 ity ny famahana ny olan'ireo orinasa eo an-dalam-panombohana ny fitrandrahana. Ezahina ihany koa ny hanokafana fitrandrahana goavana miisa 2 (roa). Vinavinaina ho 20 (roapolo) ireo fitrandrahana harena an-kibon'ny tany vaventy sy salantsalany hosokafana ato anatin'ny 5 taona.

Eo amin'ny lafiny fitantanana ny harena an-kibon'ny tany, hovitaina ao anatin'ny 100 andro ny Didy fampiharana ny fehezan-dalàna vaovao mifehy ny harena an-kibon'ny tany, ny fametrahana ny Sata mifehy ny "Bureau de la Géologie, Gemmologie et Laboratoire des Mines". Hovitaina ao anatin'ny 5 taona ho avy ny fanavaozana hanaraka ny toetr'andro ny fehezan-dalàna mifehy ny fitrandrahana vaventy ny harena an-kibon'ny tany.

Mikasika ny fahazoan-dàlana momba ny harena an-kibon'ny tany na "Permis miniers", hapetraka ao anatin'ny 100 (zato) andro ny drafy-panadiovana na "plan d'assainissement" hoentina hanohizana ny fikirakirana ny antontan-taratasy fangatahana eo anivon'ny "Bureau de Cadastre Minier de Madagascar".

Eo amin'ny lafiny fametrahana ny fanjakana manakaiky vahoaka sy ny fitantanana ifotony ny harena an-kibon'ny tany, hapetraka amin'ity taona 2024 ity koa ny "Bureau d'Administration Minière" (BAM) ao Sakaraha, ny rantsamangaikan'ny Minisiteran'ny Harena an-Kibon'ny Tany ao Sofia, Bongolava, Ihorombe, Analanjirofo, Betsiboka ary Vatovavy. Hapetraka ato anatin'ny 5 taona ho avy kosa ny BAM ao Ilakaka, Vohemar, Ikongo, Anjozorobe ary Ampanihy, ny ratsamangaikan'ny Minisiteran'ny Harena an-Kibon'ny Tany amin'ireo Faritra sisa tsy mbola misy an'izany.

Ho fanohizana ny ady amin'ny fitrandrahana ny harena an-kibon'ny tany tsy ara-dalàna dia hatsangana ny "Task force" hiadiana amin'ny fitrandrahana sy fanondranana harena an-kibon'ny tany antsokosoko.

Eo amin'ny lafiny fampidirana ho matianina ny mpitrandraka harena an-kibon'ny tany madinika dia hotohizana ny fametrahana sy ny fanavaozana ireo faritra voatokana "Zones d'Encadrement" hanaovana tantsoroka ho an'ireo mpitrandraka madinika sy mpisivana volamena. Hahatratra 1 000 (arivo) ireo faritra hapetraka ato anatin'ny 5 taona.

Hampihodinina amin'ity taona 2024 ity koa ny «Atelier Communautaire de Lapidairerie» ao Antsirabe. Hanangana 6 (enina) hafa koa isika ato anatin'ny 5 taona.

#### **2.4. Fizahantany sy ny asa tàmàna**

Mikasika ny fizahantany dia nisy ny ezaka vita ka nahatafiditra an'i Madagasikara ho an'isan'ireo firenena dimy tokony hotsidihana amin'ny lafiny fizahantany eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

Amin'izao dimy taona manaraka izao dia hotohizana ny ezaka, ka hiompana bebe kokoa any amin'ny fisarihana ireo mampiasa vola vaventy Malagasy na vahiny mba hanamafisana ny

fotodrafitrasa lehibe fandraisana vahiny eto amintsika. Hanamora ny ady sisika sy ny fandresen-dahatra hatao ny fisian'ny lalàna vaovao mifehy ny fampiasam-bola eto amintsika. Hiezaka isika hanao izay hampahomby ny fitantanana sy ny fampahafantarana ireo harena miavaka sy harem-bakoka natoraly, ara-kolotsaina ary amin'ny lafiny mahaolona.

Ny fizahantany sy ny asa tànana dia sehatra roa mifameno noho ny finiavan'ireo mpizahantany hividy sy hitondra asa tànana fahatsiarovana rehefa hiala eto amintsika. Azo atao tsara noho izany ny mampidi-bola ho an'ireo mpanao asa tànana sy ny manandratra ny vita Malagasy eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena.

**Ny Fizahantany** dia tafiditra tanteraka amin'ireo sehatra mitondra famoronan'asa sy fampandrosoana. Ho fampiroboroboana izany sehatra izany, ny tanjona kendrena dia ny hahatongavan'ny mpizahantany avy any ivelany miisa 1 000 000 (iray tapitrisa) eto Madagasikara ary hiteraka asa mivantana miisa 100 000 (iray hetsy) izany. Vinavina ho 300 000 (telo hetsy) no isan'ny mpizahantany ho avy eto Madagasikara amin'ity taona ity.

Hotanterahina ato anatin'ny 100 (zato) andro ny fanontàna torolàlana ho an'ny mpampiasa vola, mba hanampy azy ireo hanana antontan'isa sy filankevitra ilainy amin'ny fampiasam-bola eto Madagasikara.

Ny fampahafantarana an'i Madagasikara eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena amin'ny alàlan'ny fandraisana anjara amin'ireo fampirantiana iraisam-pirenena, toy ny "ITB Berlin" any "Allemagne", ny "Travel 2024 Budapest" any "Hongrie" dia ezaka tsy maintsy vita ato anatin'ny zato andro. Ny fampandrosoana ho matjanina ireo mpiara-miasa amin'ny alàlan'ny fampiofanana hatao ao anatin'ny "Lahatrasa Miatrika" izay hampiofana eo amin'ny mpisehatra miisa 500 (dimanjato) ato anatin'ny 100 andro.

Tsy hadinoina ihany koa ny fiomanana amin'ny fanatanterahana ny fampirantiana ny hetsika lehibe "International Tourism fair Madagascar" (ITM 2024) izay andiany faha-10 amin'ity taona ity.

Antenaina ny fahatongavan'ny mpitsidika miisa 15 000 (dimy arivo sy iray alina), ka tafiditra ao anatin'izany ireo izay mpivarotra ny tolotra ara-pizahantany momba an'i Madagasikara manerana izao tontolo izao.

Seha-pihariana ahafahan'ny besinimaro mivelatra ny asa tànana; na ho an'ny tsena anatin'ny na ho an'ny fanondranana entana any ivelany ihany koa.

Ato anatin'ny dimy taona dia kendrena ho 2 000 000 (roa tapitrisa) ny olona afaka mivelona amin'ny asa tànana ary hanampy ny fanatevenana ny harin-karena faobe ny fanondranana ny asa tànana any ivelany.

Hoentina hampivoatra ny asa tànana dia hisy asa hotanterahina maro izay hatao ao anatin'ny fohy ezaka, toy ny:

- Fanomanana tsenam-barotra sy fampiratiana iraisam-pirenena "IHM 2024" (International Handcraft fair of Madagascar), andiany voalohany izay hampiarahina amin'ny andiany fahafolo amin'ny "ITM Madagasacar".
- Mpanao asa tàmàna 60 000 (enina alina) no ho voaisa ary karatra matianina miisa 10 000 (iray alina) no ho voazara.
- Fanofanana mpanao asa tàmàna miisa 2 000 (roa arivo).
- Fisian'ny "vitrine artisanale" miisa 3 (telo) manerana ny toerana maro mpizahantany mitsidika ary "vitrine artisanale" 2 (roa) eny amin'ny masoivoho any ivelany.

## 2.5 Fanavaozana ho moderina an'i Madagasikara

Ilaina ny fananana fotodrafitrasa voakajy izay manamora ny fandraharahana sy ny famokarana eto amintsika. Voakasik'izany ny fanajariana sy fampitaovana ny tanan-dehibe eto Madagasikara, ny fampivoarana ny fotodrafitrasan'ny fitaterana sy ny fifamoivoizana ary ny fananganana tanàna vaovao sy ny toeram-ponenana. Maro ireo tetikasa sy fotodrafitrasa efa natomboka mahakasika izany ka hotohizana ny tetikasa goavana, toy ny teleferika sy ny tanamasoandro.

Eo amin'ny lafiny **fitaterana**, mbola mitoetra ho laharam-pahamehana ny fanavaozana ho moderina ny seranam-piaramanidina, ny seranan-tsambo ary ny fifamoivoizana andranomamy. Eo ihany koa ny fanitarana ny seranan-tsambon'i Toamasina.

Havaozina ny fitaovana sy ny foibe fitsirihana ny famantarana ny toetr'andro ary indrindra ihany koa ny fanofanana sy fanamafisana ny traiketan'ny mpisehatra amin'izany asa izany.

Maro torak'izany ireo tetikasa efa mandeha, ka hotohizana ny tetikasa vaovao:

- Amin'ny fitaterana amin'ny fiarandalamby, ao ny "train urbain" sy ny fanatsarana ny FCE.
- Amin'ny fitaterana an-tanety, fanamafisana ny fitaterana ieren-doza sy ny fanokafana ary fanavaozana ireo tobim-piantsonana maromaro manerana ny Nosy.
- Amin'ny fitaterana an'habakabaka, ny fanarenana izay iarahana amin'ireo mpiaramiombon'antoka mikasika ny "Madagascar Airlines".

Eo amin'ny asa **fanamboaran-dàlana**, maro ny asa hotanterahina sy andalam-panatanterahana eo anivon'ny asa vaventy. Manoloana fahasimban'ny lalam-pirenena maro eto amintsika dia natao ho vandoan-draharaha ny fanarenana ireo "réseaux pimaies" (RN2, RN4, RN6, RN7) izay mirefy 2 564 km (efatra amby enipolo sy dimanjato sy roa arivo kilometatra), ka hapetraka ny fikojakojana maharitra aorian'ny fanarenana.

Mba hanatanterahana ireo vinam-pampandrosoana dia tohizana ary tsy maintsy vitaina ny:

- Lalambe migodàna (Autoroute) mampitohy an'Antananarivo sy Toamasina ary zaraina roa ny asa:

- (i) Tapany voalohany Antananarivo-Anjozorobe efa manomboka, (ii) tapany faharoa Toamasina-Anjozorobe hatomboka ato anatin'ny 8 na 10 volana.
- Ny "Fly-Over Maki" sy Anosizato ary ny lalana mampifandray amin'ny Tanamasoandro.
- Fanohizana ny fanarenana sy fanamboarana ny RN44 mampifandray an'i Moramanga-Ambatondrazaka-Vohitraivo izay mirefy (226km).

- Famitana ny fanarenana ny RN6 ka hovitaina ny tapany Ambanja-Antsiranana ary harenina koa ny mampitohy an'i Ambondromamy-Ambanja (709 km).
- Fanohizana ary famitana tanteraka ny RN13 mampitohy an'Ihosa (Ikalamainty)-Betroka-Ambovombe-Taolagnaro izay mirefy (488 km).

Hovitaina na hatomboka ato anatin'ny 4 volana ny:

- RNT12A mampitohy an'i Somisika sy Masianaka miaraka amin'ny fanorenana tetezana ao Amboenanto sy Manambondro.
- Asa fanarenana ny RNS11 (101 km) Tsararivotra (Carrefour RN25)-Tsiatosika-Nosy Varika sy ny RNT11 (90 km) mampitohy an'i Nosy Varika-Tsangambato-Mahanoro ary ny RNT11A (139 km) Mahanoro-Antsapanana.
- Fanarenana ny lalam-pirenena faha-13 mampitohy an'Ihosa-Ambovombe, ka efa manomboka ny PK0-PK50 sy ny PK50-PK118 miaraka amin'ireo tetezana sy "radier" hatreo Betroka.
- Fanarenana ny RNT14, Ifanadiana-Ikongo (92 km),
- Fanadihadiana ny fanarenana ny RNS 1Bis sy ny RN8B, fanarenana ny RN6 Ambondromamy-Antsiranana.
- Fanarenana sy fandrakofna tara RN31 mampitohy an'Ankazobetsihay-Bealanana, ka hatomboka amin'ny volana Martsa 2024 ho avy io ny asa.
- Fanarenana ny RN10 mampitohy an'Ambovombe-Ampanihy (205 km) hanomboka ny volana Aprily 2024 ary ny ampahany Ampanihy-Andranovory amin'ny volana Oktobra 2024.

Hovitaina na hatomboka ao anatin'ny 8-10 volana ny:

- Fanarenana ny RN5 mampitohy an'i Soanierana Ivongo-Vahibe(76km). Efa manomboka ny asa ary ho vita ny volana Martsa 2025.
- Fanarenana ny RN23 Tsangambato-Ambinanindrano-Marolambo-Sahofika-Antanifotsy (Mey 2024).
- Fanarenana ny RN23A mampitohy an'i Moramanga Anosibe An'ala (71km) izay hanomboka ny volana Jona 2024.
- Fanarenana RN27 Ihosa-Ivohibe-Vondrozo-Farafangana (272 km) izay hatomboka ny volana Jona 2024.
- Fanarenana ny RN18 mampitohy an'i Vangaindrano-Midongy-Befotaka (136 km) hatomboka ny volana Jona 2024.
- Fanombohana ny asa fanarenana ny RN1 Bis Tsiroanomandidy-Maintirano (384 km), fanombohana ny asa, volana Jona 2024.
- Fanarenana ny RN34 Antsirabe-Miandrivazo-Malaimbady (331 km) hanomboka ny volana Jolay 2024.
- Fanarenana ny RN33 (88 km) mampitohy Ambaibohe-Brieville-Andriamena, fanadihadiana atomboka ny volana Febroary 2024 ary ny asa dia hatomboka amin'ny volana Jona 2024.
- Asa fanarenana ny RN3 Antananarivo-Anjozorobe (97 km) ka ny fanadihadiana dia hovitaina ny volana Febroary 2024 ary ny asa dia hatomboka amin'ny volana Jona 2024.
- Fanohizana ny fanarenana ny «voie rapide» RN2-Port Toamasina.
- Fikojakojana ny RN5 mampitohy an'i Toamasina-Foulpointe (50 km), hatomboka ny volana Jolay 2024 ny asa.
- Fanarenana ny RN5A Sambava-Antalaha (89 km) hatomboka ny volana Aogositra 2024.

- Fanarenana ny RN3A Vohidiala-Andilamena (20km), hatomboka ny volana Jolay 2024.

Asa hovitaina ato anatin'ny 5 taona:

- Fanarenana sy fampifadraisana ny RN31 amin'ny RN3B Andapa-Bealanana.
- Fampifandraisana ny lalam-pirenena RN3A sy ny lalam-pirenena RN32 (Andilamena-Mandritsara).
- Fanarenana ny RN33A-RN4 Bekapaika-Tsaratana.

## 2.6 Ny angovo ho an'ny fampandrosoana

Ny fampiroboroboana ny indostria sy ny toekarena dia tsy afa-misaraka amin'ny angovo sy ny rano, tsy tapatapaka ary voafehy ny vidiny.

Eo amin'ny sehatry ny angovo, tetikasa roa lehibe no hoentina hiatrehana izany dia ny tetikasa Sahofika sy Volobe. Samy angovo azo avy amin'ny rano ary manana tanjaka hatramin'ny 312MW (Volobe 120MW, Sahofika 192MW). Hanamafy ny tambajotra RIA (Réseau Interconnecté d'Antananarivo) ireo tetikasa ireo.

Miaraka amin'ireo tobim-pamokarana roa lehibe ireo dia hokarakarina ihany koa ny fomba hitrandrahana ny tobim-pamokarana angovo avy amin'ny rano, madinika sy salantsalany, mba ahafahana mahazo vokatra haingana sy mamatsy herinaratra hatrany amin'ny tontolo ambanivohitra.

Ny fahavitan'ireo tetikasa ireo dia mbola miandry taona maromaro. Koa etsy ankilan'izany, hotohizana ny ezaka fanarenana ny orinasa JIRAMA. Hotohizana koa ny fanamboarana tobim-pamokarana herinaratra mitambatra (centrales hybrides).

Arak'izay efa voalaza tany ambony, alohan'ny faha-26 Jona 2024 dia miisa 47 (fito amby efapolo) ireo tobim-pamokarana herinaratra avy amin'ny masoandro izay ho vita tanteraka eny anivon'ny Distrika marobe eran'ny Nosy. Ny fanjakana Malagasy no namatsy vola ireo "Parc solaire 47" ireo.

Ato anatin'ny 100 (zato) andro dia hametraka "kits solaires" miisa 453 (telo amby dimampolo sy efajato) amin'ireo CSB isika.

Mba hanatsarana ny fandriam-pahalemana dia hotohizana ny fametrahana "lampadaires" 220V amin'ny alalan'ny "poteaux" JIRAMA amin'ny Kaominina sy ny Fokontany maro eto amintsika. Hanolo ihany koa ireo "poteaux" hazo simba mitondra herinaratra ho "poteaux" vita amin'ny "béton" ny JIRAMA ary hametraka hatramin'ny 1 500 (dimanjato sy arivo) isa ireny jiro "cobra" ireny ho fanazavana isam-pokontany. Hamokatra herinaratra mitambatra any Sainte Marie 1MW sy ao Katsepy 70KW ny JIRAMA.

Mba ho fanarenana ny orinasa JIRAMA dia hotohizana sy hamafisina ny fampiharana ireo fepetra sy paikady rehetra ahafahana mamerina ny JIRAMA ho lasa orinasa Malagasy ho reharen'ny Malagasy, antoky ny fampandrosona ny seha-pamokarana isan-tsokajiny. Arak'izany, anisan'ny hanampy ny kalitaon'ny tolotra omen'ny JIRAMA ny fametrahana

milina 105MW ahafahana mamatsy ny tambajotra iraisan'Antananarivo ho solon'ireo milina izay tapitra ny fe-potoana nifanarahana. Efa tonga eto an-toerana ireo fitaovana ireo, ny fananganana azy no dingana manaraka ary mialohan'ny faran'ny taona 2024 dia efa hisitraka ny herinaratra hovokarin'ireo milina 105MW ireo ny RIA.

Ato anatin'ny dimy taona manaraka, tsy maintsy manana tobim-pamokarana avy amin'ny angovo madio ireo tobim-pamokaran'ny JIRAMA mandeha amin'ny solika rehetra. Izany dia ahazoana tombontsoa lehibe amin'ny fampihenana ny vidin'ny solika mba hahafahantsika mampiasa izany vola izany amin'ny tetikasa fampandrosoana ny sehatra hafa sy mamerina indray ny JIRAMA amin'ny tanjany mba ho tombontsoan'ny vahoaka.

Maro ireo tetikasa hafa mikasika ny angovo sy ny akoranafo izay tena ilain'ny vahoaka sy ny mponina eto Madagasikara ho fiaraha-miroso amin'ny fampiroboroboana ny toekarena sy fanatsarana ny fari-piainana. Ao anatin'ny fanatanterahana izany tanteraka ny fanjakana, fampiroboroboana ny loharanon'angovo madio ho an'ny fandrahoana sakafo, ho fitsitsiana ny ala sy ho fitandroana ny fahasalamana amin'ny fampiasana arina. Maro ireo loharanon'angovo fandrahoana sakafo efa nirosoana hiadiana amin'izany fandrahoan-tsakafo miteraka fandotoana ny tontolo iainana, indrindra ao an-trano ary mitohy hatrany ny ezaka atao.

## **2.7 Fanamby ho an'ny fiarovana ny tontolo iainana**

Tsy hisy fandrosoana ara-toekarena maharitra raha marefo eo anatrehan'ny fiovaovan'ny toetr'andro ny firenentsika.

Noho izany, velaran-tany mirefy 225 000 ha (dimy arivo sy roa alina sy roa hetsy hekitara) no hovolena hazo ao anatin'ny dimy taona. Hapetraka ny lamina hanaraha-maso ny fambolenzazo sy ny asa fanarenana amin'ny laoniny ny tany sy ala eto amintsika.

Ny any Atsimo manokana dia hatomboka ny fiarovana ny dongom-pasika mirefy 3 000 ha (telo arivo hekitara) sy ny fametrahana ny rindrina maitso mirefy 168km (valo amby enimpolo amby zato kilometatra) mba hiarovana ny mponina any Atsimo amin'ny tiomena ary hanomezana asa sy loharanom-bola ho an'ny fianakaviana marefo.

Hatomboka ny fanamboarana ny "jardin botanique" eto Antananarivo ary hofaritana ny "parc botanique" vaovao any amin'ny Faritra Amoron'i Mania.

Orinasa fanodinana fako iray no hovitaina amin'ity taona 2024 ary 6 (enina) no hotratrarina ao anatin'ny dimy taona.

## **2.8 Diplomasia mifantoka amin'ny fampandrosoana ara-toekarena**

Ny diplomasia dia fitaovana iray hanamafisana ny fiaraha-miasa miaraka amin'ireo firenena sy vondrona miara-miombon'antoka amintsika. Hamafisina araka izany ny fijerena ny tombontsoantsika eo amin'ny lafiny toekarena. Hisy tondro zotra manokana handrafetana ny lalan-kaleha amin'izany.

Hatsaraina ny tolotra amin'ny fanamboarana pasipaoro ary hafainganina ny famoahana azy ho an'ireo Malagasy any ivelany amin'ny alàlan'ny fampiasana ny haitao ara-kajy mirindra. Hatomboka ao "Paris" any "France" ny fametrahana ireo fitaovana fanaovana pasipaoro ireo (centre d'enrôlement).

### **3. Fanatsarana ny fitantanana sy ny ady amin'ny kolikoly**

Laharam-pahamehana ho an'izao fitondram-panjakana izao hatramin'ny taona 2019 ny fametrahana fanjakana tsara tantana. Maro ireo fanitsiana ara-drafitra ho fanatsarana ny fitantanana-draharaham-panjakana noraisina ka anisan'izany ireo didy aman-dalàna, rafitra, fampitaovana sy fotodrafitrasa ary fanamafisana fahaiza-manao. Mitohy hatrany ny ezaka ary ho hamafisina bebe kokoa mandritra ny fotoam-piasana ho an'ny dimy taona manaraka izany.

#### **3.1 Fitsinjaram-pahefana, fanapariaham-pahefana ary fanajarana ny tany**

Raha ny mahakasika ny fitsinjaram-pahefana, efa manana ny Draf-pirenena momba ny Fitsinjaram-pahefana Miabo (PNDE) isika, mifototra amin'ny fametrahana ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana, toy ny Faritra sy ny Kaominina. Ny PNDE dia ho fanatanterahana ny politikam-pirenena momba ny fitsinjaram-pahefana voafaritry ny Lalàna laharana faha-2021-011 tamin'ny 19 Aogositra 2021.

Ny tanjona, amin'ny taona 2030 dia ho voapetraka tokoa ny fitsinjaram-pahefana, ka hananantsika vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana mahavita tena sy tomponandraikitra amin'ny fampandrosoana ny lafitany.

Raha tsiahivina, fotokevitra telo lehibe no napetraka itondrana ny fitsinjaram-pahefana: (i) fizarana ny fahefana any amin'ny Faritra, ka tsy hiandry ny vahaolana avy aty amin'ny Fanjakana Foibe hatrany; (ii) Fampitaovana eny anivon'ny Faritra, ka ho afaka manatanteraka ny asa araka ny filàn'ny vahoaka sy filàna ara-toekarena eny ifotony, (iii) Fanomezana tetibola manokana ny Faritra tsirairay mba hahafahana manatanteraka sy mampivoatra maharitra ny Faritra iadidiany.

Ao anatin'izay famatsiam-bola izay indrindra, ho an'ny Faritra tsirairay dia mitohy hatrany ny famatsiam-bola 2 Miliara Ariary isan-taona mba hanatanterahana fotodrafitrasa sy ny fanampiana ara-bola mitentina 420 (roapolo sy efajato) Tapitrisa Ariary ho fampandehandrahara.

Efa nisy fitaovana sy milina momba ny asa vaventy nomena ireo Faritra 23 izay ahafahana manohy ireo asa laharam-pahamehana eny anivon'ny Faritra tsirairay.

Ny Solombavambahoaka tsirairay ihany koa dia manana famatsiam-bola mitentina 250 000 000 Ariary (dimampolo sy roanjato tapitrisa Ariary) avy amin'ny alàlan'ny CIAD ho an'ireo tetikasa eny anivon'ny Distrika manerana ny Nosy.

Ireo Kaominina miisa 1 695 (dimy ambin'ny sivy folo sy eninjato sy arivo) manerana ny Nosy ihany koa dia misitraka fanampiana ara-bola mitentina 30 000 000 Ariary (telopolo tapitrisa

Ariary) isan-taona avy ho fanohanana ara-teknika azy ireo. Hisy fisondrotana izany amin'ity taona ity.

Betsaka ny ezaka hanamafisana orina ny fitsinjaram-pahefana manomboka amin'ity taona 2024 ity, ka asongadina ireto manaraka ireto:

- Vonona ny boky torolàlana sy taridàlana ho an'ny Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana sy ny tahirin-kevitra ho tantsoroka ho an'ny Ben'ny Tanàna sy ny mpanolo-tsaina.
- Atao ny fanavaozana ny didim-panjakana mifehy ny fiaraha-miasa eo amin'ireo Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana Malagasy samy Malagasy na Malagasy sy vahiny.
- Apetraka ny famaritana ireo tahan'ny tataon-ketra ho azon'ireo Vondrom-bahoakam-paritra tsirairay avy hisitrahana loharanom-bola.

Eo amin'ny lafiny **fanapariam-pahefana** dia hanaovana ezaka manokana ireto teboka ireto:

- Eny anivon'ny fiaraha-monina eo amin'ny Fokontany, averina apetraka ao anatin'ny fotoana fohy ireo Komity Loharano miisa 19 340 (efapolo sy telon-jato sy arivo sy iray alina) ka homena fiofanana manokana ireo tomponandraikitra eny ifotony.
- Omena tantsoroka sy fampitaovana ireo rafi-pitantanam-panjakana hatreny ifotony (Prefektiora, Distrika, Boriboritantany, Fokontany).
- Apetraka ny rejisi-pirenena mikasika ny fitantanana fitaovam-piadiana.
- Hapetraka ihany koa ireo ratsamangaikan'ny BNGRC eny anivon'ny Faritra miaraka amin'ireo trano fitehirizana ireo fanampiana hiatrehana ny rivo-doza sy ny loza voajanahary.

Raha momba ny **fananan-tany** no resahina, hita fa ny ankamaroan'ny Malagasy miaina eo amin'ny tontolo ambanivohitra dia tsy manana antontan-taratasy manamarina ny maha tompon-tany azy.

Mbola hotohizana araka izany ny hetsika "Fizarana Karatany Faobe", ka karatany miisa 1 000 000 (iray tapitrisa) isan-taona no heverina hozaraina. Miara-dàlana amin'ny hetsika Karatany Faobe ihany koa ny Hetsika Titra Faobe. Hanaovana ezaka manokana ny fametrahana ny Birao Ifoton'ny Fananan-tany (BIF) eny anivon'ny Kaominina rehetra. Hatao ihany koa ny fanavaozana ny Rafitra Ifotony ny fisitrahana ny tany (PLOF-Plan Local d'Occupation Fonciere).

Hanaovana ezaka manokana koa ny fijerena ireo boky rovitra eny anivon'ny sampandraharahan'ny fananan-tany sy fandrefesan-tany ho famerenana amin'ny laoniny ny rejisitra ny fananan-tany sy ny saritany.

Noho ny asa fametrahana fotodrafitrasa maro ho an'ny vahoaka sy fampandrosoana ny firèna dia hatao vandoan-draharaha ny famerenana sy ny fikajiana ny tanim-panjakana rehetra maneran'ny Nosy.

Eo amin'ny **Fanajariana ny tany**, harafitra ny drafi-panajariana ny tany isan'ambaratongany izay fitaovana entina mamaritra ireo toeram-pihariana ara-toekarena, mamaly ihany koa ny filàn'ireo Vondrom-bahoakam-paritra Itsinjaram-pahefana ho fanetsehana ny loharanon-karena ao aminy.

Ireto no asa kasaina ho vita ao anatin'ny zato andro momba ny fanajariana ny tany:

- Drafy-panajariana ifotony miisa 61 (iraika amby enimpolo) no horafetina izay hiampy 55 (dimy amby dimampolo) hatramin'ny faran'ny taona 2024;
- Hovitaina hatramin'ny 40% (efapolo isanjato) ireo trano fonenana miisa 89 (sivy ambin'ny valopolo) ao Andavamamba hamindrana ireo mponina nesorina nanamorona ny lakandrano C3;
- Hirosoana ny fametrahana ny fikiràna ara-kajy mirindra an'ireo fanomezan-dàlana antanàn-dehibe amin'ny Kaominina ambonivohitr'i Moramanga, Toamasina ary Morondava.

### **3.2 Fandrindrana ara-kajy mirindra ireo tolotra eny anivon'ny sampandraharaham-panjakana**

Araka ny tanjona napetraky ny Filohan'ny Repoblika dia isan'ireo lalan-tsaina noraisina ny fifehezana ny lafim-pitantanana indrindra mahakasika ny volam-panjakana. Hisy ny famadihana ara-haitao ara-kajy mirindra ireo tolotra maro isan-karazany eny anivon'ny sampandraharaham-panjakana.

Mitohy ny fizarana ny Karinem-pokontany misy "QR Code" ka hatrany amin'ny 2 000 000 (roa tapitrisa) no hantonta ary ato anatin'ny 100 (zato) andro dia tokantrano hatramin'ny 790 000 (sivy alina sy fito hetsy) no hizarana izany ho an'ny Faritra Analamanga sy ho an'ireo Kaominina ambonivohitra any amin'ireo renivohi-paritany. Hitarina any amin'ny Faritra rehetra manerana ny Nosy kosa izany aorian'izay mba hahafahan'ny tokantrano Malagasy manana ny karinem-pokontany misy "QR Code" avokoa.

Hiroso amin'ny fanomezana "Numéro Unique d'Identification" na Laharana Tokana Famantarana isika eto Madagasikara ary efa natomboka tamin'ireo zaza teraka izany. Efa misy ny sampandraharaha misahana izany, ka manodidina ny 5 300 (telonjato sy dimy arivo) amin'izao fotoana izao ireo zaza manana izany ho an'ny Faritra Analamanga sy any amin'ny Distrikan'i Toamasina. Hitarina manerana ny Nosy izany hositrahan'ny Malagasy rehetra. Io Laharana Tokana Famantarana io dia omena ny olom-pirenena eo ampahaterahana ary entina mamakivaky ny fiamana.

Hatao laharam-pahamehana ny famadihana ara-haitao ara-kajy mirindra (digitalisation) ireo antontan-taratasy manokan'ny olom-pirenena ka anisan'izany: ny taratasy fahazoan-dàlana mamily fiara, ny pasipaoro, ny taratasy fanamarinam-ponenana, ny kopia sy izay mety ho taratasy ilaina amin'ny andavan'andro.

Fehiny, ny fitantanana eto amintsika dia tsy maintsy avadika miandalana ho moderina amin'ny alalan'ny haitao ara-kajy mirindra mba hialana ihany koa amin'ny gaboraraka sy ny kolikoly.

### 3.3 Fahaiza-mitantana sy fanjakana tan-dalàna

Eo amin'ny lafiny **filaminana sy ny fandriampahalemana** dia:

- Hatao vain-dohan-draharaha ny ady amin'ny asan-dahalo sy ny halatr'omby ary ny asanjolahy amin'ny endriny rehetra, toy ny fakana an-keriny, fanafihana mitam-piadiana, fakana an-keriny olona varira, fanakanan-dàlana;
- Hamafisina ny fitantanana manakaiky vahoaka, amin'ny fandrindrana ny fandriampahalemana sy ady amin'ny asa ratsy rehetra an-tanàn-dehibe sy eny ambanivohitra;
- Hisy ny fanamafisana ireo sampandraharaha sy paikady manakaiky vahoaka mba hiadiana amin'ireo heloka bevava;
- Hamafisina ny fepetra fisorohana amin'ny alàlan'ny fanatevenana sy fanaparahana, fisafoana ary ny fanaraha-maso;
- Hotanterahina ny "opération militaire spéciale" iarahan'ny mpitandro filaminana telo tonta (Miaramila, Zandary ary ny Polisy) any amn'ny Faritra maro eto amintsika.

Ho an'ny Tafika Malagasy manokana dia:

- Haparitaka sy hampitomboina ireo Miaramila mpampandry tany sy mpanao fisafoana izay misehatra eo anivon'ireo farim-piarovana sy filaminana (ZDS), miisa 10 (folo) manerana an'i Madagasikara;
- Havaozina sy hatsaraina ny fiofanana fototra ho an'ireo zatovo Malagasy voantso amin'ny fanompoam-pirenena mandritra ny roa taona mba hanamora ny firotsahana arak'asan'izy ireo aorian'ny fanompoam-pirenena teo anivon'ny Tafika Malagasy;
- Hotohizana ny fanovàna sy fanatsarana ny rafitra, fa indrindra ny fampandehanana ireo renitoby (BOA) sy ny zanatoby (DSS) vaovao izay efa napetraka ary koa ireo rantsana arapibaikoana vaovao izay voafaritra ao anatin'ny fanovàn-drafitra.

Ho an'ny Zandarimariam-pirenena manokana dia:

Hampitomboina ny isan'ireo Zandary miisa any amin'ny faritra mena ary hohatsaraina hatrany ny kalitaon'ny fanofanana azy ireo mba hananany fahaiza-manao hiatrehana ireo fanamby maro sy ny fahavalom-pirenena.

Ho an'ny Polisy-pirenena dia:

- Hanamafy hatrany ny famongorana ifotony ny ady amin'ny herisetra mifototra amin'ny miralenta sy fanararaotana ara-nofo ny zaza. Izany dia heverina fa hampitombo ny fahasahian'ny olona hitoroka, ka hanamafisana ny fanenjehana sy fampiharana ny lalàna amin'ireo mpanao habibiana.
- Hotanterahina eo anivon'ny Polisy-pirenena ny fanohizana ny asa fananganana birao ho an'ny kaomisaria eny anivon'ny Distrika ary ny toby ho an'ny Hery Vonjitaïtran'ny Polisy (FIP).
- Hanaovana ezaka koa ny fampifandanjana ny isan'ireo Polisy miisa isaky ny Faritra sy Distrika.
- Hatsaraina haingana ny fomba fiasa eo anivon'ny sampandraharaha misahana ny pasipaoro mba hialana amin'ny kolikoly sy ny filaharana lavareny.

### 3.4 Ady amin'ny kolikoly

Hohatsaraina sy hohamafisin'ny fitondram-panjakana ny ady amin'ny kolikoly amin'ny fanohizana ny fampiharana tsy misy indra-fo ny paikadim-panjakana miady amin'izany

kolikoly izany amin'ny endriny rehetra, fa indrindra eo amin'ny sehatry ny asam-panjakana, ny tsenam-baro-panjakana ary ny fanadinam-panjakana manontolo.

Efa napetraka ary miasa ny rafitra ARAI (Agence de Recouvrement des Avoirs Illicites) izay miandraikitra ny fanagiazana ireo harena azo tamin'ny tsy ara-dalàna ka ezahina ny hanamafisana ny asa fanagiazana sy ny fivarotana mba hamerenana ny volam-panjakana.

Mahakasika manokana ny ady amin'ny kolikoly eo anivon'ny sehatry ny Fitsarana dia hotanterahina ireto fepetra fohy ezaka ireto:

- Fampivodronana ireo fitarainana (doléances) eo anivon'ny Fitsarana amin'ny alàlan'ny tambazotra nomerika "Fitsarana, valio ny tarainako", mba hamaliana ny filàn'ny mpanjifa.
- Hametraka ihany koa ny fampiasana "call center" antsoina hoe "i-taraina" sy ny fampiasana adiresy mailaka handefasana ireo fitarainan'ny olom-pirenena.
- Fametrahana lamina vaovao mba hanatsarana ny fandraharahana ny fonja sy ireo toeram-pamonjana.

Hatao laharam-pahamehana ny ady amin'ny fangalarana tanim-panjakana sy ny tanin'olon-tsotra. Noho izany, hohamafisina ny fanenjehina ireo olona mpangalatra tany sy mpanao risoriso ny tanim-panjakana.

Ho fehin'izany paikadim-panjakana mikasika ny ady amin'ny kolikoly izany dia tsy maintsy mitondra fanavaozana eo amin'ny sampandraharaham-panjakana tantaniny avy ireo Minisitra tomponandraikitra mba hanatsarana ny kalitaon'ny asam-panjakana.

Tsy maintsy saziana mafy ny mpanodinkodina volam-panjakana sy ny mpanao tantely afa-drakotra ny harem-pirenena ary tsy maintsy miverina amin'ny Fanjakana ny vola na ny harem-pirenena voahodina. Mifandraika amin'izany, mila Fitsarana mafy, madio tsy andairan'ny kolikoly ary azon'ny rehetra itokisana ny firenentsika.

### Fehiny

Andriamatoa Filoha,  
Tompokolahy sy Tompokovavy,

Naroso tamintsika teo ny Fandaharan'asa ho fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana amin'ny taona 2024-2028. Tsy avela ho tompon-trano mihono ny vahoaka Malagasy mikasika ireo asa sy ezaka rehetra hataon'ny fitondram-panjakana. Hampiasaina arak'izany ireo haino aman-jery mahazatra rehetra misy eto amintsika hampahafantarana sy hanentanana ny vahoaka, toy ny "radio", "television" ary ny gazety sy ireo tambazotra sosialy. Tsy hijanona eto an-toerana ihany anefa izany serasera izany, fa hitarina hatrany amin'ny sehatra iraisam-pirenena ny mahakasika ny asa fampandrosoana atao sy misy eto amintsika.

Arak'izay efa nambara tamin'ny alàlan'ity fandaharan'asa ity, vonona hanatanteraka ny vinan'ny Filohampirenena, Andriamatoa Andry RAJOELINA ny Governemanta vaovao izay tarihiko, ka hifantoka amin'ireo **andry telo** lehibe ireo amin'ny taona 2024-2028 izay hiasa bebe kokoa amin'ny fitsinjovana ny mahaolona sy ireo filàn'ny vahoaka Malagasy, ka hahazoan'izy ireo miaina sy mihary ampilaminana.

Voafantina ireo mpikambana mandrafitra ny Governemanta vaovao, izay manolotra eto anatrehan'ny Parlemanta Malagasy ny Drafitr'asa ho fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana.

Mazava izany fa fitohizan'ny asa fampandrosoana an'i Madagasikara sy ny Malagasy no tanjon'ny fahefana Mpanatanteraka, indrindra fa ny fanamafisana ny ady amin'ny fahantrana amin'ny endriny rehetra mba ho olom-banona sy mendrika ny vahoaka Malagasy.

Nokendrena hahenika ny sehatr'asa fampandrosoana tsy ankanavaka ireo asa hotanterahina, ka tsy hisy ho diso anjara ireo Faritra sy Distrika ary ny Kaominina manerana ny Nosy.

Manainga ny olom-pirenena tsy ankanavaka noho izany, ny Governemanta Malagasy, hiara-hifarimbona sy hifanome tana amin'ny fitondram-panjakana izay tarihin'ny Filohampirenena mba hahazoantsika manatratra miaraka ny tanjona iombonana dia ny fampandrosoana an'i Madagasikara.

Misaotra Tompokolahy,  
Mankasitraka Tompokovavy.

Taorian'izay, nisaotra an'Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta, tamin'ny fanolorany ny fandaharan'asa ho fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, nambarany fa hiroso amin'ny fandraisam-pitenenana ny Solombavambahoaka. Manana anjara fitenenana 3 minitra avy ny Solombavambahoaka ary aorian'izay, manana anjara fitenenana 5 minitra avy indray ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera.

Nanao satroka Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert ary nangataka mba ho ny fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana raha mety no hatao mialoha satria fanolorana ny fandaharan'asa ihany no natao androany, fa mbola tsy mitsara ny asa vita akory ny Solombavambahoaka.

Namaly, Andriamatoa Mpitarika Fivoriana, fa lapan'ny demokrasia eto amin'ny Antenimierampirenena, ka ny fivoriambe no handray fanapahan-kevitra momba ny hoe: ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera ihany no handray fitenenana.

Rehefa natao ny tsangan-tana, Solombavambahoaka miisa 72 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika Fivoriana, fa ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera ihany no handray fitenenana.

Talohan'ny fandraisam-pitenenan'ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera, niangavy ny Mpitantsoatra, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, mba hamaky ny andininy faha-73 ao amin'ny Lalàmpanorenana manoloana ny fanenjehana ny Solombavambahoaka maneho hevitra.

Nanatanteraka izany, Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina, ka toy izao ny fivakiny:

Andininy faha-73 ao amin'ny Lalàmpanorenana.

Tsy misy Solombavambahoaka na dia iray aza azo enjehina, karohina, samborina, tànana amponja na tsarina noho ny hevitra naposany na latsabato nataony teo am-panaovana ny asany.

Tsy misy Solombavambahoaka na dia iray aza azo enjehina sy samborina noho ny heloka bevava na heloka tsotra manditra ny fotoam-pivoriana raha tsy nahazoan-dàlana tamin'ny Antenimiera, raha tsy hoe tratra ambodiombly.

Tsy misy Solombavambahoaka na dia iray aza azo samborina ivelan'ny fotoam-pivoriana, raha tsy nahazoan-dàlana tamin'ny Biraon'ny Antenimiera, raha tsy hoe tratra ambodiombly, noho ny fanenjehana nomena alàlana na ny fanamelohana tanteraka.

Afaka manao fitarainana an-tsoratra any amin'ny Biraon'ny Antenimierampirenena izay rehetra olona manana fanamarihana momba ny tsy fahavitan'ny Solombavambahoaka iray ny asa nankinina taminy. Tsy maintsy manome valiny amin'ny antsipirihany mikasika ilay raharaha ny Biraon'ny Antenimiera.

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoatra, tamin'ny famakiana ny andininy faha-73 ao amin'ny Lalàmpanorenana, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia nanome fitenenana ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera tonga nanatrika ny fivoriana.

Andriamatoa MILAVONJY Andriasy Philibert, Filohan'ny Vondrona Parlemantera GPR no nandray fitenenana voalohany, nambarany fa mazava tsara ny fandaharan'asa ho fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana natolotr'Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta teo. Noho izany, manohana ny fandaharan'asa ny Vondrona Parlemantera tarihin'ny.

Nankasitraka ihany koa ny fijeren'ny fitondram-panjakana ny hoavin'ny tanora sy ny vehivavy amin'ny fampandrosoana ny firenena. Ny antony, izy ireo no manana salan'isa ambony indrindra raha ny isan'ny mponina no asiana teny.

Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, Filohan'ny Vondrona Parlemantera "Non Affilié" kosa raha nandray fitenenana dia nitsodrano ny Governemanta tarihin'Andriamatoa Praiminisitra, mba hahatanteraka ny vina kasaina hampandrosoana ny firenena ao anatin'ny fandaharan'asa ho fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana satria tsapa fa misy ny ezaka hatao hampisondrotana ny fari-piainan'ny vahoaka Malagasy.

Momba ny fanamboaran-dàlana kosa, nangataka tamin'Andriamatoa Praiminisitra ny tenany mba homena solika ireo "engins" any amin'ny Renivohi-paritra mba hahafahana mampiasa

azy amin'ny asa fampandrosoana, indrindra amin'ny famoahana ny vokatra sy ny fivezivezen'ny mponina. Izany hoe, hialana amin'ny fitokana-monina satria fototry ny tsy fandrosoana izany.

Nambarany koa fa mankasitraka ny Governemanta ny tenany amin'ny fanaovana "recrutement" ho mpiasam-panjakana satria tena ilain'ny tanora izany amin'izao fotoana izao.

Raha nandray fitenenana kosa, Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRD, fisaorana sy fankasitrahana an'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika sy an'Andriamatoa Praiminisitra no nataony tamin'ny famolavolana izao fandaharan'asa ho fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana izao.

Nomarihany koa fa tamin'ny 4 Janoary 2024 no voatendry ny Praiminitra ary anio 1 febroary 2024 kosa no nanolorany ny fandaharan'asa ho fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana. Midika izany fa voahaja tanteraka ny soratra sy ny teny ao anaty Lalàmpanorenana. Izany hoe, voahaja ny lalàna tamin'ny fanolorana izao fandaharan'asa ho fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana izao.

Nambarany koa, fa vonona ny hitondra ny anjara birikiny amin'ny fanatanterahana ity fandaharan'asa ity ny Solombavambahoaka, indrindra ny Solombavambahoaka ao anatin'ny Vondrona Parlemantera IRD.

Nangataka ny hijerena manokana ny "conseiller technique" ao amin'ny Minisiteran'ny Fanabeazam-pirenena ihany koa ny tenany satria misy olona manimba ny fampianarana eto Madagasikara ao amin'io Departemanta io.

Teo am-pamaranana ny teniny, nambarany fa manohana ity fandaharan'asa ho fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana ity ny Vondrona Parlemantera tarihin'ny ary mitsodrano ny fitondrana amin'ny fanatanterahana azy.

Taorian'izay, nisaotra an'ireo Filohan'ny Vondrona Parlemantera nandray fitenenana teo, Andriamatoa Mpitarika Fivoriana ary nanome fitenenana an'Andriamatoa Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta raha toa misy teny tiany hambara.

Fisaorana sy fankasitrahana ny Solombavambahoaka tamin'ny fandraisana azy teto amin'ny Lapa no nataon'Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta, voalohany raha nandray fitenenana.

Nambarany fa afaka mandefa taratasy any amin'ny Governemanta ny Solombavambahoaka raha misy fanamarihana, torohevitra ary fanatsarana mikasika ny fandaharan'asa natolotra teo.

Nomarihany fa maro ny asa hatao isaky ny Minisitera mifandraika amin'ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana, fa famintinana azy ireo ihany no natao androany. Mbola handalo

eto alohan'ny Solombavambahoaka avokoa ny mpikambana ao amin'ny Governemanta amin'ny volana Jona ka amin'izay fotoana izay no hitsarana ny asa vitan'ny Minisitra tsirairay.


Tsy mahavita tena irery anefa ny Governemanta, fa mila fiaraha-miasa amin'ny tompandraikitra isan-tsokajiny, ka avy amin'izay fiaraha-miasa izay no hahatratrarana ny tanjona kendrena ho an'ny fampandrosoana ary anisan'izany ny Solombavambahoaka.

Nambaran'Andriamatoa Praiminisitra ihany koa, fa tokony hifanatonana ny Solombavambahoaka sy ny mpikambana ao amin'ny Governemanta raha sendra misy olana eo amin'ny roa tonta mba hahafahana mijery vahaolana hamahana izany.

Fisaorana ny Solombavambahoaka naharitra nihaino ny fanolorana nataony no namaranan'Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitra, Lehiben'ny Governemanta ny fitenenany.

Rehefa avy nisaotra an'Andriamatoa Praiminisitra, tamin'ny fanamarihana narosony, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, ka ny Zoma 2 Febroary 2024, amin'ny 10 ora, maraina, hisy fivoriambe handiniana sy handraisana fanapahan-kevitra momba ny Volavolan-dalàna laharana faha-002/2024 tamin'ny 24 Janoary 2024 "modifiant et complétant certaines dispositions du Code Pénal Malagasy". Amin'ny 3 ora, tola'andro, kosa ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Volavolan-dalàna laharana faha-001/2024 tamin'ny 24 Janoary 2024, « modifiant et complétant certaines dispositions de la Loi n°2014-020 tamin'ny 27 Septambra 2014 "relative aux ressources des Collectivités Territoriales Décentralisées, aux modalités d'élections, ainsi qu'à l'organisation au fonctionnement et aux attributions de leurs organes, modifiée et complétée par la Loi n°2018-011 du 11 Juillet 2018 et par la Loi n°2021-010 du 5 août 2021 ».

Niato tamin'ny 1 ora, atoandro, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona